. Eto amin'izay ary ny tantaran'i dadabe. Oğatra tamin'ny hoe nahatonganavan'ny Vazaha sy ny jirika sy ny Menalamba.

- Tamin'ny andro malagasy, dia Rainizaka no komandin'ny Voromahery. Ary taty aorianana kely rehefa osa Rainizaka, Zakamanana no nisolo azy, Rainianjazakamanana izany.

. Ilay zanany izany?

- Ie, nisolo azy. Ary rehefa tonga ny Vazaha dia Rainianjazakamanana no nanao raharaha, solon-dRainizaka izany. Namitsak'i Rainizaka dia nitsangana i Zakamanana ho mpanao raharaha teo Belanitra nisolo an-drainy. Zanak'anebaviny mantsy i Zakamanana fa tsy zanany naterany akory fa zanak' anabaviny. I Zakamanana ary tahaka ny hoe kantao (sic) na governora teo Belanitra tamin'ny andro nahatongavan'ny Vazaha.

. Governora izy izany?

- Ie, governora izy tamin'ny andro nahatongavan'ny Vazaha.

- . Ary ny momba ireo Menalamba na Jirika izay tonga tamin'izany fotoana izany, tamin'ny nahatongavan'ny Vazaha.
- Avy aty Arivonimamo no nitari-doza (?) nankaty amintsika, namomo pastora anankiray, namono maopera anankiray nahavoazzany ny rany, dia nihinjaka izy nanketsy Ambohimitsara.
- . Avy eny Ambohimitsara izy no ~~mianavaratra~~ ety hono.
- Nony tonga teo Ambohimitsara izy, dia nihinjaka izy. Namabo anay mianakavy, tadiavin' i Zakamanana ho voroina, ka io Zakamanana io kosa efa nisy nilaza taminy, ka ritsoaka nandositra izy mianakavy fa ilay fahavaloo manko nandry tato Ankafotra ato amin'ity tanana misy an'i Le Fasy (?) ity. Tao izy no nandry dia, roso izy nianavaratra nony maraina. I Zakamanana lasa nandositra izy mianakavy, ny nivoaka rehetra rehetra nobaboiny movonoin'ireo tarik'i Rainibetsimisaraka ireo. Izany endahiny moa izahay mianakavy tomoko, tsihy ireny no atsipy, ireny aza mbola akipiliny, ery, fitafiana rehetra rehetra nobaboin-dRainibetsimisaraka... avy any Arivonimamo. Izany no fahavaloo nambobo tety. Ary ny olona rehetra rehetra samy lasany tany daholo daholo, lasany tany Rasipodimiarana mianakavy, misy valo mianaka izy, lasany tany. Ry Ratompokolahy Potemanga izany, zanak'anabavinay, dimy mianaka izy, dia lasany teny ary izy ireto, novidiana ariary telo isan'olona ny ankizy rehetra rehetra, na zaza ammbehivavy; izay efa lasany teny vao afaka nody. Tsihy no nitafiarav mianakavy tamin'izany, fa tsy nanana lamba intsony, raha vao... dia endahiny, lasany.
- . Izany ariary telo izany izao, raha ohatra ataontsika hoe vidir'imbry izany, ohatr'inona, omby firy tamin'izany fotoana izany?
- Mahazo omby anankiray, tahaka itony an-dRa..... efatra arivo itony. Fa rehefa tonga ny Vazaha, dia ry dada, Ranivodidy, Rainisoanavony, dada, Rainimanandraibe, Ranivodidy, no miantoka omby irey, isan'andro, isan'andro, isan'andro, isan'andro ho vonoina hoarin'ny miaramila.
- . Teo Belanitra?
- Teo Belanitra, fokorolona manontolo hatrany Sarobaratra no mankaty niangona tao Belanitra tamin'izany... Ka izany no nanjo anay tamin'ny and nahatongavan'ny Vazaha. Dia lasa izy nampandry tany, dia ilay zokinay lahimatea nanatitra azy tany Betsirihitra, tonga avy any dia maty.

- . Betsirihitra ity moa aiza no misy azy?... Any andrefana akaikin'Antsiriribe be izany?
- Any lavitra be, any andrefan'Ankaratra lavitra ka.
- . Nam pandry tany tany andrefan'Ankaratra indray izany izy tamin'izay?
- Any amin'ity misy ny ... akaikin'ity misy ity ilay niandohan'ny Menalamba namono maopera, sy namono...
- . Any ihany izany, Arivonimamo.
- Tany no niandohan-javatra dia mankety.
- . Satria nisy an'ilay pastora avy any Angletera mantsy ary akaikin'i Faratsiho, tany no namonoany azy. Misy tsangambato lehibe mihitsy mijoro ao amin'izay, ary ny sarin'ilay maopera novonoiny vao haingana no hitako ao amin-dry Ratsimialona ireo, hoe ity ny lehilahy novonoiny tao, tary Andasibe indray izay...
- Ny olona no novonoiny, mody miantsoantso ny Vazaha eny izy dia ny olona no aridany ka, aripany ny **fananan'**olona, alaina ho azy.
- . Mitovy ihany ny Menalamba sy ny jirika?
- Izy ihany no Menalamba...
- . Ny olona niodina ihany ireo.
- Ary izy indray niodina tsy hamono ny Vazaha, efa nahafaty ihany taroa atsinanana, tany Andramasina, Vazaha anankiray. Maty tany... dia novonoin'ilay iray fotsiny izao ilay Vazaha, matiny.
- . Ity Vazaha ato amin'ialy... milevina eto atsimon'i Belanitra ity izany Vazaha mpampandry tany.
- . Nafindra eo izy io fa teo atsinanan'ny fiangonana teo no nisy azy taloha
- Vazaha roa lahy izy no ao.
- . Fa ny iray ilay vao haingana... Roa lahy izy no teo fa nafindra eo andafy...
- Ilay voalohany hoy aho tao... io tranon'i Rémi io, tao no... avy ao izy no nahandro sakafo, fa avy eo mihitsy, eo atsimon'ny école io. Ka ilay clona aty Ankadivory, notsirihany avy any ilay zavatra, ka... nivoaka ilay Vazaha "Aisa ilay fahaval? Aiza ny fahaval? Aiza ny fahaval?". Nasiany dia eo dia... Ambohipolo fa tany Ambohipolo no nitoby ny Vazaha, fa may daholo, tamir-dRainibetsimisaraka ny tanan'an'i Belanitra iray manontolo itony... May io Anolaka iray manontolo io, io nasiany milolo

no narehitra. Dia teo izahay no nitsoaka nandositra nankany Ambohipolo, dia malady ihany izy tao. Tahaka izao... mazava noho izao aza. Ffa naraina ny andre, Vazaha avy tany Antsiriribe, avy any Antanifotsy no nanaitra azy tao, sy ny avy any Tsinjoraivo, fananiraka olona vetivety ilay Vazaha nankany, nanampy ny tany Antanifotsy sy ny tany Tsingoarivo, dia io no nanaitra azy tao. Tao andrefan'Ambohipolo tao izy no nanotrika.

. Dia lasa tao izy dia lasa nandositra nankany an'ala sa nankaiza?

- Mianatsimo nankeny Ambohimitsara izy, dia nanana toby lehibe tac: telo izy : ny iray an-dRamiandranarivo, ny iray an-dRainibetsimisaraka, ny iray an'i Zafindralambo... Izany no tantaran'ny tamin'ny nahatengavan'ny Vazaha... Lehilahy avy any Ambohimanga, ka tany notinendry ireo miaramila ireo, 70 lahy am-bavabasy nentin-dRainisoamanandray.

. May izany Rainisoamanandray aloha no notendrena dia mitondra ireto razambe niavantsika?

- Izany tokoa satrisa ny miaramila no tonga taloha vao natsangana Rainizaka natsangana Ravonijy ho mpitondra ny Voromahery iray manontolo.

. Fianakavantsika ve ieany Rainisoamanandray sa dia hoe mpiaraka fotsiny, hoe mpiaraka any amin'ny tafika.

- Rainisoamanandray fianakaviana hafa avy eny, fa rehefa niteraka an'i dada izy, niteraka an-dry anona vac. Fa izy ity, rehefa tonga taty, notendrena manko taty dia lasa... ho vadiny dia io no nahatonga antsika mianakavy...

. Taty izy izany vao nanambady.

- Izany no izy ka dia, Rainisoamanandray sy Ravonijy, tompon'ny fasana Ambodiriana. Vy tompon'ny fasana ambony atsimo kosa dia Rainizaka sy ireo anabaviny.

. Za dia misaotra an'i dadabe!

- Lahy mainty be izay Rainizaka, ka izaho efa lehibe izao mbola velona izy ka. Ary ny nahafatesany tokoa tea tany ar'inona moa ity filazanao... toa nalaina avy any Betafo izy, ka izy lahy mainty be toa sarin'na... Marina izany fa toa tany Betafo tokoa izy no nalaina... Ravelotanivo izay, mainty be lavabe, fa Ranjavelo indray kely sady fohy, fa Ravelotanivo.

. Anabaviny io Ravelotanivo io?

- Anabaviny iray tampo aminy..../.... Nataon-dRainizaka mihitsy io (fasana), Rainianjazakamanana, sy Rainizaka no tompony fa tsy i Zakamanana

irery akory... Sao misy fo mitanila any ka hoe ny fasana/ah-dRainizaka tsy fa an'i Zakamanana... Pha rebela tsy maty Rainizaka efa notarihina ny vato, fa sao manko amin'ireto zanak'anabavy misy zavatra mitanilanila ka hoe ingahy Rainizaka tsy torpon'ny fasana fa i Zakamanana no tempon'ny fasana. An, an. An-dRainizaka ny fasana, an'i Zakamanana ny fasana.

. Ny fasana ilevenana io izany?

- Ie. Misaoatra dia misactra an'i Hadabe ary...

Misactra dia miscotra indrindra....

- Io no nahafcizanay tena hiatrika asa lehibe, asan'ny Tompo izany, satria ny Tompo naniraka antsika rehetra manao hoe "Mandehana ianareo ka ataoovy mpianatro ny firenena rehetra, manao batissa azy na batemy, amin'ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Ary indro sady nampianatra izay rehetra mandidikao anareo, ary indro izaho momba anareo mandrakariva ambara-mpahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao..."

nantsoina amin'ny anaran-dRainizaka eo avaratra. Ka ny toerana eo Belanitra, tamin'ny andron'i dadabe dia protestanta isika mianakavy, **tao** ny fiangonana naorin'i dadabe. Kanefa taty aorianana kosa, rehefa tonga Fanjanorc.... vao maty vac hingana iny, dia efa katolika hatrany andrefana izy dia nitondra macpera dia nanorina an'ity. Ta isika mianakavy tsy misy hafa akory. Irec ny volana sy ny masoandro, raha nanorina ny tany sy ny lanitra Andriamanitra, nametraka fahazavana iray lehibe any an-danitra dia ny volana sy ny masoandro ary ny kintana. ay natao mpanapaka ny andro, Ray natao mpanapaka ny alina. Tsaroako izany, fa nisy olona izay tonga tec amintsika teo Belanitra teo, dia izao no teniny, raha mbola tsy niorina ny fiangonana izany. Tamin'ny ^{nta} Tasy gasy dia efa nanorina fiangonana teo i dadabe, teo avaratra teo dia protesta/isika mianakavy tamin'izany : didy manko taloha ny fiangonana... didy taloha... Mandady manodidina ny fiangonana raha diso fidirana, tsy miangona indray andro, indreka mahamasa-bary, teo amin'io pibasy io. Teo no nasiana hamory ipertrahan'ny olona tamin'ny andron'i dadabe. Izay no tamin'ic lehilaky io. Novonoin'i Ndriamanalina izy sy i Ndrianavony dia izao no teniny : "misactra anao aho Mose le Mpriadidy, hoy izy, fa na aiza na aiza alehako, hoy izy, dia tsarovako ny nataonao ahys fa tsara loatra, hoy izy. Ary raha mandeha aho, amin'ny fiverenako hanangonako fiangonana lehibe ricalajoala

eto Belanitra eto, hoy izy. Mahaiky izany aho ankehitriny : ireo fiango-nana roa mahafinaritra, miaiky azy eo anatrehan'ny tany sy ny lanitra hay misy fahazavana roa lehibe izay napetrany. Hoy aho hoe, mametraka fahazavana lehibe Andriamanitra eto an-tany. Ireo fiangonana roa mirati-raty, ary jerec fa hatrany hatrany dia tsy maintsy misy fiangonana anan-kiroz. Ny antony manko dia izay mandositra any, izay tsy azon'ity, samborin'iry, izay tsy azon'ity, samborin'ity. Tanteraka ny tenin'Andriamanitra amintsika hoe : "Mankanesa any am-bava.... any amin'ny sampanan-dalana, mankanesa any amin'ny tahaka izao..." Ka ny tsy azon'ny atsimo, azon'ny ato avaratra, ny tsy azon'ny ato avaratra, azon'ny atsimo. Tonga tany aho indray mandeha bijery ny fiangonana katolika... oadrey izany hafaliako : "Faly aho leiroz mantsy an'i Tsimialona sy Kompera, ka nahoana lahy fa tokony nandray bainga anankiray tamin'ity aho... tokony nanana anjara tamin'ity aho, ka nahoana lahy no tsy nahatratra aho, iny vola ariary folo, hoy aho, mba ataoko rakim-pifaliana nobo ry fahosako; atacko any amin'i Jaona izany, ataoko any amin'ny Tsimialora izany... Rakitia avy amin'i dadabenareo ity....

Eo an'ny mpamory ondry, "fahanc ny ondriko", tsy izany noa ny tenid'Andriamanitra, fahano ny ondriko", anisan'ny mpamory ny ondrin'Andriamanitra. Ery fa dia misaotra en'i dadabe indrindra ary, ary mba ataozy tsara tsor-drano izahay ho tratrantitra sahala aminao, misaotra er'i dadabe.

."Eo an'Atoa David Basamuel Antananarivo, tomoko, loharanc na hoa sy razambe nipoiran'ny tantaran-drazana eto dia Rainizaka. Rainizaka dia mpitarika ny 70 lahy am-bavabasy tamin'ny fifindra-monina tao Belanitra. Rehefa mananika ny Brahadraha, dia nila hevitra tany Antananarivo Rainizaka, ary tonga komandin'ny Voromahery Alakarabo voalohany (I) izy. Izany no fandehan'ny tantara reko tec amin'i dadabe Randrenarivo, ary tamin'ny olona taloha teo an-tanana ihany koa. Dadabe Randrenarivo izay nanao ny tantaran-drazana eto dia taranaka fahatele avy amin-d'Rainizaka. Rainian-jazakamanana no zanak'i Rainizaka, samy miaiky ny mponin'i Belanitra fa ny Razambe isaky ny 9 taona ao amin'ny fesan-drazana ao Belanitra dia Rainizaka sy Rainianjazakamanana. Milaza mazava i dadabe Randrenarivo fa anadahin-drenin'i Rainimiarivy izay dadan 'i Rainianjazakamanana. Tsy mba nandray lova niaraka tamin'i Rainianjazakamanana anefz, hoy dadabe

Randrenarivo, io renin'i dada io, ka angamba tsy iraitampo izy mianadahy. Ka izay angamba no filazana izany. Olona efatra (4) ry dadabe Randrenarivo no iraitampo, ary izy no zanaka fahatelo. Tamin'ny taona 1866 nahantongavan'ny Vazaha tao Belanitra dia efa nolazainy anay fa 25 taona m'hery izy. Ny tokony ho nahaterahan'ny izany dia atao hoe 1826 analana 25 dia tokony ho tamin'ny taona 1871. Zaza fahatelo anefa i dadabe Randrenarivo ka mety ho 40 taona eo ho eo i Rainimiary rainy no niteraka azy, ka raha izany dia 1871 analana 40 dia he tokony ho tamin'ny niandohan'ny fanjakan-dRanavalona I no nahaterahan'io rainy ic, zany hoe 1831. Noho ny fisian'ny Voromahery tamin'ny Onive atsimo inv, Sahatorendrika arbany no filazanay azy, dia tsy mahagaga raha toeram-palehan'i Ranavalona I i Tsingjoarivo. I dadabe Randrenarivo koa dia milaza fa ny dadany, i Rainimiary, no arhoninjato tec amin'ny Voromaherin'i Belanitra, tany amin'ny andro nanjakan-dRanavalona any ho any. Somary efa tsy tadiqiny anefa io tantara io, fa indraindray no miverina aminy rehefa mitantara aminay izy fahiny tamin'ny taona 1865 any ho any... Ary ny renibeny kosa, izany hoe renin-dRainimiary rainy dia nanana an-dRainianjazakamanana, zanaky ny Komandin'ny Voromahery ho anadahiny. Anadahin-drenin'i dadabe hoy ny filazan'i dadabe Randrenarivo azy. Nefa tsy mba nandova ny komandy izy, hoy izy, araka ny efa voalazako tery aloha. Raha 16 taona no niteraka an-dRainimiary io anabavin-dRainianjazakamanana io, dia azo lazaina izany fa 1831 analana 16, dia 1817. Ka raha araka izany io Rainianjazakamanana io, izay anadahin'io reniber'i dadabe Randrenarivo io, dia zaza nifanao zoky sy zandry taminy, samy zanaky ny komandin'ny Voromahery. Dia tokony ho tamin'ny taona 1820 izany no teraka Rainianjazakamanana. Firy taona Rainizaka dadan'i Rainianjazakamanana no niteraka azy? Raha araka ny azo ambara dia izao i efa komandin'ny Voromahery ela ihany Rainizaka vao niteraka an'io zanany atao hoe Rainianjazakamanana io. Araka ny fahatadidiavan'ny olona ao Belanitra azy, ary i dadabe Randrenarivo dia niresaka an'izany taminay, dia very anarana Rainizaka noho ny zanany lahy tokara. Fa Razakatsimbazafy no temi ararany, fa nafohezina hoe Bazaka

ary anarana nireharehan'ny taranany izany anarana izany, araka ny kabary am-pasana nataon'ny dadabeko, tena dadabeko tokoa dia Itompokolahy Ramananjato. Nanao kabary am-pasana Itompokolahy Ramananjato io tamin'ry famadihana tamin'ny taona 1953, ka izao no teniny rehefa

namoaka ny razana avy ao am-pasana "Iny Razaka mahazaka ny Voromahery ei miaraka aminy ny zanany Rainianjazakamanana e, io Rainianjazakamanana io no nahavery anarana azy e, izy no mahavery anarana an-dRainizaka el". Nidi tra ho *classe de 1ère nanomana irony atao hoe baccalauréat 1ère partie* irony aho tamin'izany fotoana izany. Tsy maintsy ho efa tarafa, taty aoriana, na hoe raha farafaharatsiny hahay ho efa ~~tomga~~ teo amin'ny fikambanana na ny firaisansy Imerina enin-toko, izany hoe i Vakinankaratra tao anatin'y tamin'izany fotoana izany. Ary tao anatin'izany efa maha-faray an'Imerina enin-toko izary i Sahatorendrika tamin'ny andron'ny Voromahery. Ny amboninjato niadidy an'i Sahatorendrika tamin'izany dia ny komandy roa lahy Rainizaka, rain-dRainianjazakamanana sy Randonjy. Ny 500 lahy atsiro an-dRainizaka, hoy i dadabe Randrenivo, ary ny 500 lahy avaratra an-dRandonjy. Ireo roa tonta ireo no maha-tomponarivo an-dRainisoamanandray. Nefo izao, moa ve ho afaka ho komandy sy tomponjato ary ray aman-drenin'ny faritany raha tsy any amin'ny 40 taona any ho any ~~raha~~ kely indrindra. Nohc izany, dia ataoko hoe 1820 analana 40 dia tokotokony ho 1780 ne na-haterahan'i Rainizaka. Ka azo lazaina fa tany amin'ny 1721 no teraka Rainizaka komandin'ny Voromahery ary teo anelanelan'ny taona 1800 sy 1820 izy no nitarika ny tafika Alakarabo I tao Belanitra.

Io dia famintinana izay fikarohana ataoko, ary ny mba hiangaviako anao raha mba sendra ka vita an-tsoratra ny zavatra voalaza ambava etc, dia mba omenao kopia anankiray aho. Ny adiresinao moa dia hialako tsiny, fa misy tavela any Antsirabe ny entako ka tavela any koa, ka dia ankiniko amin'ny olona mety ho fontatr'ilay olona izay mitondra an'ity "cassette" ity ny zavatra tiako mba atolotra anao ary nahavitè be amin'ny asanao. Misaotra tomphko.

/Sic/

Raha vita orinty soa amantsoa ny thèse-nao/dia iriko dia iriakpny mba hananana izany, ary mba halaliniko ihany soa fa tena mahafinaritra aho mihitsy ny mamakiako na ilay manuscrit voalohany hitako tany amin'i dadatoa Ratsimialonarivo na hitako tao amin'ny lehiben'ny fokontary izay nataonao faharoa, efa hitako misy évolution kely, misaotra dia misaotra indrindra, hoy Kompera Félix RAMANANARIVO, B.P. 33, Ihosy.

IV. RAFARILAHY RAROMANARO

AMBODIRANO ATSIMIO

Monsieur Rafarilahy Raboanamaro d'Ambodirano-Sud, dit Rafarilahiboana, est le traditionniste le plus célèbre de la région (on nous a cité son nom dès notre arrivée dans le village d'Ambohitompoina, qui est la capitale du *finaisana*) et, d'ailleurs, le plus âgé de tous, il a quatre vingt dix ans environ. Il est donc réputé comme étant le plus informé sur le passé du Voromahery, et la longueur de son récit, en grande partie spontané, l'a d'ailleurs confirmé (l'entretien a duré deux heures et quart, le 25 Octobre 1978). Il était seul lors de l'enregistrement.

Monsieur Rafarilahy Raboanamaro, dont le père avait participé au mouvement des Menalamba, était lui-même un militant du M.D.R.M. De ce fait, il a voulu, à tout prix, parler de ces mouvements qui occupent une part importante de son récit.

Notons, tout d'abord, que ce traditionniste a usé de son histoire familiale pour nous faire l'histoire de sa région. Son grand-père, du nom de Ramiandrasoa, qui habitait à l'origine à Andohalo, à Antananarivo, fut envoyé par l'*Andriamanjaka* (le souverain régnant) pour faire partie d'une troupe de soixante-dix hommes armés et occuper l'espace désert que formait le Voromahery. En effet, il fallait garder cette région contre les attaques de Betsimisaraka et d'Antemoro que le récitant assimile à des *jirika* et à des *fahavalo* (ennemis). Mais plus loin, il dit que les Betsimisaraka ont toujours été les amis des habitants de la région du Voromahery.

Une fois que les soixante-dix hommes étaient installés, toute une population les a suivis ici. Puis l'*Andriamanjaka* avait envoyé des bœufs pour être gardés dans le Voromahery, d'autant plus qu'il y avait Razafindralambo, fils de Ramiandrasoa et, donc, père de Rafarilahiboana, qui était en même temps *madiotanan'Andriana* (sorte de serviteurs royaux) et *dekàn'ny Praiministra* (aide-de-camp du Premier Ministre) d'après le même traditionniste. Ainsi, en ce qui concerne l'origine des *hadivory*, on les avait fait pour garder les bœufs royaux.

D'autre part, d'après Monsieur Rafarilahiboana, les réfugiés d'Antananarivo (car c'étaient, paraît-il, des gens qui avaient fui leurs villages d'origine, en Imerina Centrale), une fois devenus gardiens de boeufs royaux (*mpiandry ombin'Andriana*), pouvaient être exemptés du service militaire.

Puis, cet informateur nous a parlé de l'arrivée des *Vazaha* et la résistance que leur réservaient les habitants du Voromahery. Parmi les leaders de cette résistance, il y avait le père de Monsieur Rafarilahiboana, dont il nous a raconté l'épisode de son arrestation. Ainsi, la répression dirigée contre le Voromahery a provoqué le retour de certains de ces habitants à leurs villages d'origine à Antananarivo.

La famille du traditionnaliste avait aussi participé aux manifestations dirigées par Ralaimongo et Dussac, notamment à Antsirabe et à Ambatolampy.

Puis il nous a parlé de la participation du Voromahery aux événements du M.D.R.M. ; lorsque des soldats marocains et algériens furent envoyés dans la région, la plupart des habitants se réfugièrent sur le gradin forestier. À ce moment-là, Monsieur Rafarilahiboana était dénommé le "général des rebelles".

Lorsque nous avons essayé de revenir à l'histoire antérieure à ces mouvements, ce traditionnaliste nous a affirmé qu'il ignore ce qui concerne l'origine de cette région, l'époque *vazimba* entre autres ; mais la plus ancienne histoire qu'il connaît du Voromahery commence avec la venue des hommes envoyés par l'*Andriamanjaka* d'Antananarivo. Il a alors insisté sur le fait que ces derniers étaient à l'origine du creusement des *hadivory*, pour garder les boeufs royaux envoyés là. Par ailleurs, d'après lui, les scories de fer épargnées dans les *hadivory* servaient alors de pierres à fronde aux gardiens de boeufs. Lorsque l'*Andriamanjaka* faisait une promenade au *rova* de Tsinjoarivo, on lui apportait le lait qu'on avait obtenu des meilleures vaches gardées dans le Voromahery ; et c'était Ra-

zafindralambo, étant *madio tanana amin'ny Andriana*, qui s'en occupait. Ce traditionniste, en outre, signalait l'importance attribuée à ce gardiennage des boeufs royaux, qui justifiait ainsi la réalisation des sites comportant plusieurs rangées de fossés profonds qui finalement, représentent un énorme travail (cf. sites d'Ankafoibe et d'Antamiana).

En parlant de *vodihena* (partie postérieure du boeuf), Monsieur Rafarilahiboana affirmait que les *vodihena* des boeufs qu'on tuait revenaient à l'*Andriana* (le roi).

Par ailleurs, les *andriana* (nobles) betsileo de la région de Fandriana avaient, selon lui, de bonnes relations avec le Voromahery et venaient souvent là, en promenade entre autres.

Enfin, les *fady* qui sont observés par la famille Rafarilahiboana sont la chèvre, le boeuf sans corne et le *sorohitra*.

- Ny nahatongavan'ny ray aman-drenintsika voalohany tety, dia teo Andohalo Antananarivo izany. Nefa rehefa nandeha ny Andriana, ka nitady, njery ny tany malalaka, ny Andriamanjaka izany, dia nahita ny tany taty amin'ity efitra lehibe malalaka ity. Ka rehefa nahita an'ity efitra lehibe malalaka ity izy, dia naniraka an'Ingahy Ramiandrasoa, zanak'Andriantsimindranjato. Ingahy Ramiandrasoa zanak'Andriantsimindranjato, dia nalefa ho "fitopolo am-bava basy", hampandry tany taty Voromahery.

. Ka inona moa no niavin'io fitopolo lahy am-bava basy io moa dadabe ?

- Ilay tantaran'ilay fitopolo lahy am-bava basy, dia mety tsy ho fantatro izay tokony ho fomba fandehan'ny fitopolo lahy am-bava basy, fa izao, ny fahavalo no nambenana tamin'izany, tamin'ny andron'ny jirika. Ka ny tany am-banin'ny ravinkazo no nanafika tety ; ny Betsimisaraka sy ny Antemoro hono, no nanafika tety taloha, dia angamba aza izy izany, tahaka ny dadaben'itony Ralesabotsy mihitsy no nanafika tety, nalaza be izany. Ilay Rainibetsimisaraka indray hafa, fa ny azy indray atao hoe Drahadraha ...

. Revary ! tsy izy izay Revary izay ?

- Revary ?

. Tsy mbola henon'i Dadabe izay ?

- Izay Revary izay indray, ry Ralesabotsy no mahay ny tantaran'izay, lasa nankany avaratra io, mbola hihaona aminao eto izy, raha toa malaky miverina ianareo.

. Hay, mety ho avy eto izy ?

- Ireny lasa nandeha nianavaratra niaraka amin-dRabedaoro any ireny. Ka raha malady miverina ianareo, mahita azy tsara eto, mahita an'ilay, satria raha araka ny tantara izao dia ~~rahalahin~~drainao Rabedaoro. Ka mahita azy tsara, mahatratra azy eto, ianao milaza hoe telo andro ihany no any dia miverina mankaty ; dia mety mahatratra azy tsara eto ianareo, ahenoanao ny tantara, fa na dia ny tantaran'ny Betsimisaraka tany, izany aza dia azony atao tsara. Fa izany olona tsy azo nodorana, tsy azo natao inona izany dadabeny

atao hoe Ingahy Rainininganany izany hono. Fa nataon-dry zareo, notsentsemana fotsiny tamin'ny tsindron'anivona, vao izay vao maty. Niakatra tany Antananarivo manko, dia avy any dia, nisy ady be nentina tao amin'ny Andriana tao, fa tao no fitsarana taloha. Ka resin'ilay, resin'ilay, resy ilay olona, ka nony tonga taty nanaovan'ny fokonolona rehetra, izy io adin'ny mpianadahy ary e ! tahaka antsika tera-dehilahy sy tera-behivavy izao, ka ilay Rainininganany io, hono, rehefa natanjaka loatra ny Antemoro dia nandeha naka ny taty ho namana izy ; ka rehefa naka ny taty ho namana izy, ny teto ny fitopololahy am-bava basy. Ka rehefa nahazo basy izy, nandeha tany ny Antemoro io faly io, ka rehcfa nahazo basy izy, nandeha nanafika tany dia nataony sambo-belona ny avy any, nataony sambo-belona, nataony sambo-belona ; ka nony tonga taty aminay taty, nahazo lehilahy tsara tarehy izy ; dia nangatatin'ilay anabaviny. Izany no nisehoan'ity hoe : tera-dehilahy sy tera-behivavy ity e ! Natao andevo ireo olona ireo izany, ka nataon'ilay anabaviny hoe : ka atao ahoana hoy izy fa, aoka mba ho ahy io, ho vadiko. Dia nomena azy, kanefa hoy ilay Rainininganana, raha toa ary ho anao io, rehefa maro no teraka dia tsy maintsy omana aho. Io hany no maharatsy ilay tera-behivavy ry ise ity e ! Nifampihinana kay izy, ny taloha e ! Ka nony efa betsaka, hono, nc teo, niteny ilay Rainininganana hoe : omeo aho ho ahy, mba omeo amin'izay aho ho haniko, amidiny izany. Ka entina miakatra aty Antananarivo izy ireo amidy. Dia izao no tenin'ilay Ravehivavy mantsy ilay zany. Ka efa marobe izy, mamalia amin'izay ianareo hoy izy, isika ve ho resin'izay anona eo, dia namaly ary. Ka nakarina taty Antananarivo, ka teo hono, dia izao no nataon'ilay olona hoe : izahay, tomoko, hoy izy, dia tadiaviny amidy ho haniny fotsiny, dia izao no nataon'ilay Rainininganana hoe : lainga izany hoy izy, fa noho ny hamaroany dia mitady ahy fotsiny, mitady hihinana ahy izy. Ka eto Ambohimanga sy Antananarivo hoy izy dia ampahalalaina ny mpanjaka fa, izao no antony. Dia nireshaka tamin'ilay mpitsara hoe, raha afaka hanao izany ary ianao, dia, ka samy mipetraka ao izy : "lefoiny tsotra izao ny fenao, hoy izy, dia miantso ianao olona. Dia nony efa tonga teo, dia nony efa ho tonga ny fitsarana dia nolefoininy ny feny, notombohiny tsotra izao : Vonjeo fa voany aho hoe, vonjeo, vonjeo, dia tonga izany ny

mpanjaka, ny mpitsara njery avy hatrany ; kay tokoa ianareo mandainga, hoy izy, fa ianareo manao tenin'ny be sy ny vitsy. Izao dia he sahadity olona iray ity dia vonoinareo eto, lefoininareo. Dia noresena ireo, resy irec olona ireo, nohelohina, ka nony tonga taty an-tanana, nanaovan' izy rehetra be no vitsy ihany ilay Rangaha, dia, ka efa tonga tety an-tanana, hono, izy io, nafenina aza fa efa nandrasan'izy rehetra, vao tonga avy any dia nidina ny ankabeazan'izy mianakavy hoe : Misy tahaka an'izao, tahaka an'izao, dia teo amin'io, tato amin'ny Betsimisaraka, ato an'inona re ity ato ambonin'i Marosaonjo, Podimena, tao indrindra no namonoany andaininganany, dia nodorana teo hono Rainininganana. Ka mandraky ny efa maty, hoy izy, mivaniaka ny nifin'ilay Rangaha ka mbola lazaina hoe, tsy maty io fa mbola mihomehy ka ! kanefa efa maty, efa nodorana. Ka izy no tsy nifankazahoany, ary mandrakizao anie izy tera-dehilahy sy tera-behivavy dia, izany hoe fomba fotsiny, lalana no nampiray azy, fa mbola miady tsy mijanova. Izany, lova taloha, ary izany no nahatongavan'ireto hoe fitopolo ambavabasy. Dia nanana an'izay isika, io no nandefasana, io no nandefasana an-dry rangaha dadabenzy itony taty, dia nanana basy, tahaka an'izay, dia noraisin-drizareo ho havana ; hatramin'izay dia tonga tantaran'ny Betsimisaraka io, tsy nisarahantsika amin-dry zarco rehetra, ao rehetra ao io. Tantara tamin'izany io.

. Fa ilay Ingahy Rainininganana io izany, Betsimisaraka izy io ?

- Betsimisaraka Rainininganana, dadaben'itony ilay Ralesabotsy itony hono izy io : Rainininganana, dia Rainibetsimisaraka indray, izy no lehibe tao. Tahaka ny lehibe, tahaka ny fokonolona tamin'itony koa. Ingahy Rainibetsimisaraka, dia fatidran-dry dada toto indrindra koa izy, nandray taty. Ka izy, izy indray jiolahy be, mpangalatra tsy azo novazivaziana. Rehefa Rainibetsimisaraka no tonga dia matahotra daholo ny olona. Izy raha mandeha eny an'anona eny tsy mba mandeha tahaka ny fandehan'ny olona hono fa, sady lehibe izy, no matanjaka, no anona dia io rambon'omby io no ataony volombavy, amin'iny anona iny, dia tahaka ny volom-bavan'olona be, mihefahefa be, rambon'omby no apetrany amin'iny saokany, Amin'ny endriny iny mihefahefa

be tahaka an'io ilay rambon'omby, dia rehefa vao mandeha, dia efa fantatry ny olona : Rainibetsimisaraka kandrefa tsy mivoaka raha tsy mankoto amin-dry dada, mbamin-dry dadabe, fa teto ny fitopolo am-bava basy, ka dia io no nahatahotra ny rehetra anie, amin'ny maha-fitopolo am-bava basy azy, satria ny teto no nanana basy.

. Izany hoe : ny nandefasana an'ilay fitopolo lahy am-bava basy io izany, karazany, ohatra ny hoe : handroaka ireo ilay Betsimisaraka sy Antemoro nanafika taty ireo ?

- Fahavalo taty, dia nampandry tany mihitsy anie izany ! Dia nanafoy volo ilay tany ity dia, miaramila mihitsy fa tsy solosolony intsony, fa tona miaramila nampandry tany.

. Dia tokony taminy andron'ny mpanjaka iza tany Antananarivo izany, no nandefasana azy taty ?

- Ka ilay mpanjaka tao, dia Razafindrahety no henoko farany tamin'izay, dia Rainilaiiarivony. Ka asa Rainilaiiarivony io, na izy no mpanjaka tao, tamin'ny andron'ny fahazazana. Ka ireny tanintsika rehetra ireny aza, nialana fotsiny tsy mba nisy tantaran-drav aman-dreny, tahak'izao lazainao izao. Rehefa sodokan'ny tany malalaka ny ray aman-dreny dia tsy nitantara, Kandrefa io Andohalo io sy ny fahatelon'Analakely, hono, antsika : tsy nisy tantara izany na dia kely aza. Ary ilay Rangaha, io Ramiandrasoa io, na nirchareha moa na naninona, fa nampirafy izy, ka ny vadikeliny izao dia mbola io Ambohipotsy, mipetraka eo io, io no vadikeliny, niteraka an'ilay natao hoe : Rainikotomanga izay. Ary mbola voatantaran'ny fianakaviana amintsika ihany fa, olona niray izahay, olona nifankahazo hatrany hatrany fa tsy hoe olona niady akory, zanaky ny vadibe sy ny vadikely izay. Ka tsy fantatro no nahatonga an-Ramiandrasoa, nirahina handeha : na nirehareha ka nampirafy amin'io anona io na inona. Dia napetraka ao ary ilay vadikely, fa Rafaravavinirina no nentiny nanaraka azy, ka rehefa tonga taty izy dia, ny tendry taloha tany amin'ny fanendrena miaramila tamin'ny andro malagasy, hono, izany zavatra tsy fantattro koa ary, tamin'ny andro malagasy, taloha

be izany hono, ny tendry miaramila, zava-doza. Ary tsy misy mahazo mijanona hafa-tsy ny bevohoka vady, miandry tafika fotsiny. Fa rehefa vatan-dehilahy dia tapitra miaramila daholo, tamin'ny andro taloha. Ka rehefa lasa taty Ramiandrasoa sy Razafindralambo, dia nitsoaka nanaraka azy ary ny ankabeazan'ny mponina tao, natao hoe : nitsoaponenana. Ka nony tonga taty ary dia, ary atsimo ary atao hoe, fizaran-tanintsika amin'ny Betsileo sy ny anona e ! tsy tадидико ny anaran'ilay tany. Dia teo no napetrany ny olona anankiray, natao hee Rainibefanala izay, izy nametraka an-dRainibefanala taty, eto akaikin'Ambohimitsara ity ihany e ! Tao no nametrahana an-dRainibefanala, ary ny rehetra izay nanaraka azy, lohany maromaro, betsaka e ! ka olona efa nitsoa-ponenana, feno olona tety ka. Dia nipetraka isan-tokony, isan-tokony, isan-tokony tamin'ireny tsy dia hadivory fotsiny, fa tena namorona tany, niasa namonjy tany lemaka daholo ny olona. Izany no nahatonga ny tany teto, ho vahoaka marobe, nentin'Ingahy Miandrasoa, ka rehefa nahazo toerana teto indray izy, dia rehefa cla moa no nitoerana dia maty teto Ingahy Miandrasoa. Ny tany nilevenany aza mbola ato atsinan'an'ny tranontsika ato, fa nentina niakatra. Izy tsy nipetraka taty fa, rehefa maty izy, nentina niakatra nankany Ambalavao, tany Andramasina, avaratr'Andramasina. Ka rehefa maty indray izy, tsia, tsy mbola maty izy aloha e ! fa tonga ny vahoaka marobe, dia lasa nampidina omby taty ny Andriana. Nampidina omby ny Andriana, fa Razafindralambo kosa, "madio tanan'Andriana" teo Antananarivo teo, Razafindralambo zanany lahy io, izy no madio tanan'Andriana teo Antananarivo, sady dekan'ny Praiministra. Izany anefa tsy fantatro akory, izany atao hoe dekan'ny Praiministra izany, izany dekà izany fotsiny, na inona no dikan'ny dekà.

- Anona izy io raha tsy diso aho : karazan'na-miaramila mpanampy izy io, karazana lietnà izany, raha ny fiheverana azy amin'izao fotoana izao.
- Hay ! dekan'ny Praiministra teo hono izy, sady madio tânana tamin'ny Andriana, ka rehefa nanaraka ny rainy taty izy, dia nahidina ny ombin' Andriana, izany no nahatonga ny ombin'Andriana ho betsaka taty.

- Tany malalaka dia taty no niompiana ny omby, ny ombin'Andriana, ka na dia ny mpanjaka ankehitriny, ireo mpanjaka ireo aza, any amin'ny toerana rehetra any dia, raha tahaka ny nandehananay tany Nosilava, izahay nigandra tany. Nosilava ireo ; ilay Zozara, raha ao amin'ny seranana avy ao Nosilava ao izy, mbola tsy nety anie ny Sakalava, fa nataon-dry zareo Vazaha, mpanjaka mpanjaka hatrany izy e ! Dia izy nataony *sous-gouverneur*, vehivavy, i Zozara izay, dia mametraka omby hatrany, ka isaky ny mandeha *tournée* mitaky hetra izy ; antsoiny eo ilay mpiandry ombiny dia mitondra ny omby eo. Dia mifidy omby anankiray izy haniny. Izany no ataon'ilay Zozara ao Analalava, ary amin'ny faritanin'Analalava, avaratra ary, ka izy ic tsy latsaka ny olona roa ambin'ny folo no mandeha eny. Ny lehilahy, tovolahy miaraka aminy, dia sanatria, izy no mifidy izay tiany alaina amin'ilay lehilahy eo, izay sitrapony no ataony. Amin'ny maha-mpanjaka azy, ka ny azy, mpanjakan'ny Tsimihety tsy mba nety anona, fa rehefa teraka ka misy lehilahy, angamba aza hatramin'izao dia mbola misy mpanjaka ihany ny azy, tsy mijanona ny azy, ny Tsimihety manana an'izany ihany, ny zony. Kanefa tsy mety hiteraka maro raha tsy efa ho faty ilay anona, ho faty ilay rainy na ny reniny, tsy miteraka lahy anankiray handimby, na vavy anankiray handimby azy izy, fa dia olona vitsy kely. Izany no fandehany ary.

Ka rehefa tonga teto izy ; Razafindralambo, dia tonga taty ny ombin' Andriana, ka rehefa tonga taty ny ombin' Andriana, nalaina daholo ny olona taty hoe ho miaramila. Ka rehefa nalaina ho miaramila ilay olona nitsoaponenana avy any, dia notohanany tsy azo alaina ireo, fa mpiandry ombin' Andriana ; tsy azo alaina miaramila fa mpiandry ombin' Andriana. Dia voasakana daholo ary ny olona taty dia izao no tenin' Andriana ho : tonga any Voromahery ka tsy azo alaina. Dia nanaraka taty koa hono Razafimandimby, lehiben'ny, lehibe tao Antananarivo tao Razafimandimby, olona nalaza be koa, tsy fantattro na mpaninona na mpaninona. Dia nanaraka, niray tamin'i Razafindralambo taty izy dia, izy no, izy any Antananarivo ihany fa Razafindralambo no taty. Dia isaky ny tonga aty izy no mijery ny omby, isaky ny tonga aty izy no mijery ny omby, dia izany no nahatonga an'itony hadi-

vory itony, nametrahana ny ombin'Andriana, tamin'itony Tamiana rehetra rehetra itony, ombin'Andriana no napetraka tamin'ireny. Izay no fandehan'ity ary rehefa vita tamin'izay ilay toerana, fa tsy azo intsony ilay miaramila taty nalaina ho miaramila, dia nanao tsangambato ary ny Andriana, dia ireo natao hoe Marotoko ireo, ka nozaraina roa ny tsangambato : ny atsinanana dia natao hoe Voromahery, ny andrefana dia natao hoe Vakinankaratra. Izay no nahatonga ny tantaran'i Vakinankaratra sy i Voromahery. Ka nifanila ary rehefa hatreo Mandrivotra, ambony atsinanan'Anjamanga va re Mandrivotra sa. Ambony andrefany ? Rehefa tonga hatramin'iny dia afaka i Voromahery, fa hatramin'iny no miakandrefana kosa dia i Vakinankaratra.

. Aiza tsara hoe no mampisaraka azy dadabe ?

- Iny ambony atsinanan'Anjamanga iny e ! Tendrombohitra anankiray mitsivalana any, ka rehefa tonga eo amin'iny, ny miakandrefana dia Vakinankaratra fa ny miatsinanana dia natao hoe i Voromahery.

Izany no tantaran'ny tec aoha, kanefa, rehefa tonga indray ny vazaha taty hono, teto fa tsy hoe hono, tena mbola hitako izany nahatongavany. Rehefa tonga ny vazaha, ka hanafika taty tamin'izany nampidirindry zareo izany, ka izahay nanana tranobe, teto ambany eto ny tranobenay, ary Ingahy Rainihanja Zakamanana izany no lehibe niara-nitoetra tamin-dry dada taty, tec Belanitra, rain-dry Razafindratsimba iny e ! Rain-dry Tompokolahy Razafindratsimba. Ka izy mahay taratasy be, ilay rainay tsy mahay na inona na inona, fa dia resaka tsotra izao. Tahaka ahy izao, tsy misy hafa amin'izao ihany koa e ! ka izy nalefa tany an-dafy ireny moa, izaho koa nalefa nony taty aoriana. Ka rehefa tonga tec ny vazaha dia nanohitra izy, nanana basy ihany, fa basy anankiray : ka rehefa tonga tec, hidina eo Belanitra eo hono ny vazaha, ka ny miaramila koa betsaka fa tsy hoe vitsy dia efa nipetraka, nilafika amin'iny, ka ady amin'ny langilangy ve rangaha ity no ampiadiana amin'izay basy. Andro fararano be, vary vary sahala amin'ny inona hono iny Belanitra iny tamin'izany, dia nandrasany avy eo Belanitra eo ilay Vazaha nitsotsorika tsara, hidina tsara amin'iny anona iny, ka Senegaly daholo no nentina, hoy izy, Senegaly miaramila tamin'izay, ka

nony efa ho tonga tsara, tsy dia mbola dia akaiky loatra, fa akaikikaiky, rehefa tonga ao, maina be tsara amin'iny atsimon'ny fiangonana iny izany.

Tefohan'i dada ny basy hono ilay Vazaha anankiray, dia potraka maty teo, izay no nahafaty an'ilay vazaha eo Belanitra io, notifirina, io vaza-ha milevina ao io. Dia nirava aloha ilay miaramila mitsotsorika be tamin' iny, nihodina niakandrefana amin'iny vodivona iny hono izy. Ka izy niho-dina niakandrefana nankany iny, hanodidina nankany ambany andrefan'i Bela-nitra iny izy, hisafo ireo olona tao ireo. Ka rehefa fantatra fa, ny fa-haizana no tsy ampy. Ny mpitily izany avy ary an-tampona efa manaramaso mijery hoe : "Ireny leity fa mankatsy an'anona, ireny leity fa nankary an'anona. Vaky ilay miaramila teto nanezaka, dia niriatra niatsinanana dia niampita amin'iny Amhatomitsangana rehetra rehetra, amin'Ambohipolo iny : dia eny vao niampita aty andafy atsinanana vao niorika, hamonjy ety an'anona indray. Mbola niady, niverina ihany hono, isaky ny hariva manafi-ka eo ihany, roa andro kanefa tsy nahazo azy intsony fa nahazo laka izy tao. Dia nankery Ambohimanarina teny no niadiany farany, io Ambchimanari-na eo io dia, nony efa avy eo Ambohimanarina, ka tsy inona tsy inona nia-diana ao, ka ny sakafy tety an-tanana, ny inona. Ankizy kely zaza amam-behivavy no eto. Dia nifindra kely indray, nankao Ndriamaninana, ao nome-na anarana hoe Ndriamaninana, tao ny tany be nahazo niadiana, nihodina teny. Notafihiny teny ihany anefa, notafihiny teny ihany fa tsy nisy maty io Andriamaninana io. Dia niala avy eo izahay dia nitsoaka nankany Befana-la, any amin'ny faritanin'i, tany amin'ny faritanin'i Vakinankaratra, tany izahay no nanao tany mandry fa taty, raha azon-dry zalahy taty aloha dia matiny. Dia nitsoaka tany izahay kay izy rehetra ireo, nanao fihaonam-be tany amin'ny faritanin'i Vakinankaratra dia tao daholo, dia hoe mahazo mody amin'izay ianareo, na iza meloka, na iza tsy meloka. Hay izahay ity kay efa nahavitan'y, ilay dadanay efa nahavitan'Ingahy Rainihanja Zaka-manana teto taratasy hoe io no lehiben'ny jirika, lehiben'ny jirika, lehi-ben'ny menalamba, io no nahafaty vazaha teto. Ka izy efa niditra tamin-dry zareo taty, ary izy nahay taratasy be, ka mahay mifanaraka. Tonga ilay rai-nay avy any, izahay rehetra hoe mody, vao tonga herinandro, tato atsina-

nan-tranokelin-dry, eo ambany io, tombon-tany kely sisa, fa ilay tranobe efa nodoran-dry zareo, nakorontany, dia trano tombon-tany kely nitoeran' ny andevo sisa teo, dia io no nodianay mianakavy, Herinandro nahaton-gavanay izahay dia feno miaramila eran'ny tokontany. Lazainy hoe : Io raha ataonareo ratsy fatotra, raha ataonareo, tsy mafy tsara ny tady atao aminy, manidina io, tsy voafatotra io fa manidina. Nandry kelikely iny iza-hay, izao nandom-baravarana : "Aiza Rainikotovao Zafindralambo", tsy manam-po, tompoko, "Izaho, Tompoko". Mivoaha ianao". Vao nivoaka dia nosamborin'izy rehetra dia, nitsahany avy eo amin'ny lamosiny ilay rainay, eo an-tanana ivoho, dia nikiaka, tapaka mihitsy ilay taolan-tratrany ity. Ka lazainy hoe manidina, ka miaramila ve no mahazo baiko, ho azo ... Dia nafatony nataony an-tanana ivoho dia nentina teo Tsinjoarivo eo, teo no nisy ny toby lehibe teo Tsinjoarivo, dia nigadra teo efa am-bolana, efa nisy ho volana roa no nigadrany. Izany boloky, hazobe tahaka an'ireny to-hatra ireny no amin'ny vozona. Dia mpatsaka ranon'ilay miaramila teo, mandra-piandry ilay tany, lanin'izy vazaha, taty amin'ny toerana androisara taty. Ka rehefa lasa moa izy dia nahita tamin'iny, dia tsy nahandry intsony ilay olona taty fa samy nitsoaka niverina nody any amin'ilay tananay no ankabeazany. Izany no nisian'ireny tanana hoe : tanin-drainibelemanga itony, ipetrahan-dry zalahy itony, analan'i Bedia aty, ireny tany rehetra foana tsy misy mpanaraka ireny, dia ry zareo nitsca-pouchnana. Nofy olona ety akaikintsika aty ihany, ety Lambamaitso aty ihany, niavian'itony ilay vadin'Ingahy Rajaoba itony, aty analan'i Bedia itony. Ma tsy tafaverina any amin'ny toerana ka dia nataon'ny vazaha hoe, izay mahavoly azy aloha dia mamboly, telo taona ka rehefa tonga ny telo taona miverina amin' ny tompony ny tany, kanjo ilay olona tsy nahaverina intsony, dia lason-dry zareo ireny Marofarihy rehetra rehetra ireny. Izany no tantaran'ny tamin'ny andro malagasy tety, dia voasambotra ary ilay rainay dia nalefa tany andafy, telo taona sy tapany, telo taona sy tapany izy tany dia ...

Izany no fomba taloha, dia niety volo ilay reninay io, nisacna. Noborosiany ny volony izany mca, tamin'ny andron-dry zareo taloha hoe : niam-

boho ny Andriana tahaka an'izany, dia nisaona daholo, dia niety volo ny vehivavy, tahaka ny lehilahy. Dia niety volo ilay reninay, noboriany ny volony tahaka ny volon-dehilahy izao dia lasa ary. Niaraka tamin'izy izay hono, tany amin'ny sambo, araka ny tantaran'i dadanay : Andrianan-dry zareo Ambohimanarivo atsimo, fa nifankahazo amin-dry zareo Betsileo tao daholo daholo anie ny taty, ry dada teto, dia Andrianan'ny Betsileo, tao atsimo tao izany, ataony hoe Randrevanarivo sy Ramonjamanana. Izany no niaraka taminy, izay Andriana nalaza be sahala amin'ny inona. Ka nony hita tao amin'ny sanbo hono izy roa lahy : 'Ry Zafindralambo a ! ialahy ve dia handeha', fa ny vadiny aman-janany nanatitra azy tany, fa izahay tany ny Ankeramadinika dia naverin'ny fanjakana, satria ilay dadanay io manko vao niala teto nankeo Tsingjoarivo, dia tonga ihany ny taratasin' Ingahy Rainihanja tato hoe : "Raha manao tsirambina any ianareo amin'io e ! Manidina io" ka vazaha "*Lieutnant*" izay no, eny an-dàlana eny dia misy *planton* telo no manaraka indray andro. Nony farany, tezittra ilay vazaha hoe, nantsoiny ilay rainay, hoe Fazafindralambo, haninona tompoko hoy i dada hono, "Lolompom-ponenana ny anao, fa tsy amin'ny herinao fotsiny, fa lolompom-ponenana" hoy izy. Tonga dia *planton ! planton ! lolompom-ponenana* hoy izy, nalany ilay tady tamin'i dada "Mandositra ianao dia mandosira, hoy izy, tsy handositra ianao dia manaraha anay, fa ianao tsy migadra fa lolompom-ponenana : ka manaraka anay ianao ka dia ..." Dia miaraka amin'ny miaramila hatrany hono ilay dadanay, tsy nifatotra izy, nefy olona nafatotra. Hay izy ireo rehefa tonga ao alohan'Ankeramadinika ao, nisy ala be hoy izy. Nefy hoy izy, nosavana daholo daholo, natao savao hao, na dia atao hoe tahaka ny paingotra aza amin-dry zareo, tsy misy navelany tany amin'ireo olona rehetra nagadra ireo. Ka efa nisy zato lahy, dimampolo amby zato lahy angaha no nataony indray nitondra hono, tamin'izay. Hay izy nahatondra antsipika tany ihany hoy izy, ka nony efa tonga tao anaty alan'Ankeramadinika teo hoy izy, nifanolotra tany izy rehetra hoy izy ka dimy amby roapolo lahy izy, Vao voandidy angamba ny an'ny anankiray, dia atolony ny anankiray any an-damosina, izany nefy anie ny mia-

ramila miambina, mifanelanelana eny ihany e ! Atolony ny anankiray any angamba ny antsipika io, dia tapahin'ny anankiray ny tady, dia atolony ny anankiray any an-damosiny, tapahiny ny tady.

Nony efa nisy dimy ambin'ny roapolo lahy izy, hoy izy, nakifiny ilay tady dia any anaty ala izy, hoy izy. May ilay miaramila mpitondra hoy izy ka "Vonjeo ! vonjeo ! vonjeo !, ka inona, ho azonao atao inona. Ilay sisa tsy lasa hoy izy, tsy nasianyantony intsony hoy izy, kanefa olona tsy nandositra tsy naninona, iretsy no nandositra, ka ny sisa tsy nandositra no ...

Ka i dada io, hono, matory amin'ny anona, dia ny tompon-trano mifafa trano no namoha azy, hoe rangaha ity angaha, hono, tsy hiady, ny namany efa lasa. Dia raha misakafo aza izy rehetra any aloha any, dia avela any ihany ny sakafon'i dada, dia tonga i dada dia mihinana. Ilay izy ... Tsy nandositra ianao ? Tsy nandositra aho tompoko, hoy izy, ka aiza indray moa no andosiraka, ka tany aza aho azo hoy izy, handositra indray ve aho. hamono tena, ho venciko ve ny vady aman-janako. Olona marina Rainikotovao Zafindralambo, olo-marina ianao, hoy izy, aza matahotra fa tsy ho ela ianao no aty dia hody.

Dia any, hoy izy, dia isaky ny mandeha izy, dia raha misakafo izy ny antoandro dia avela eo ny sakafoko. Avela eo ny sakafoko, hoy izy, dia izaho, naroson'ilay tompon-trano hoe : Io ny sakafonao, hono, dia nanara-ka any ihany aho hoy izy : nony efa hita ny rano izahay, hita ny sambo, hoy izy, izao no nataon'izy roa lahy, hoy izy : "Ory Zafindralambo a !" fa izy olona nifankatia hatraty izany "Ialahy ve leiroa dia handeha ? Ka ho aiza indray leitsy, hoy i dadanay. Izahay leitsy tsy mba tonga any. Aoka letsy hoy ilay dadanay, aza manao chatra izao ianareo, fa ny tsy fa-haretan-javatra hany ka mitondra fahoriania ho an'ny taranaka leiroa, Tsy mba hita an'io mihitsy izahay leitsy, hoy izy. Nony efa anona, hoy izy, mifanao veloma izy tamin'ny vadiny aman-janany, ka ilay Ramonjamanana nitondra ny vadiny, hoy izy. Randrevanarivo, izy ihany no nandeha. Nony vi-

ta ny velona, hiverina ilay Rakala hoy izy, niezaka Ramonjamanana, hoy izy, nianika eny ambony be, amin'ny salaza-tsambo izy, hoy izy, dia nikapoka izy dia any anaty ranomasina, hoy izy. Randrevanarivo kosa, hoy izy, hay ilay antsipika hoy izy tany amin'ny tanany ihany, hareza maranitra be sahala amin'ny inona, hoy izy. Nasiany indray mandeha ny tendany hoy izy, ka kely variraiventy foana sisa tsy tapaka ny lohany hoy izy, natsipin'ny vazaha any anaty rano ; ka raharahany inona. Namono tena daholo hono izy roalahy : Randrevanarivo sy Ramonjamanana, andrianan'i Betsileo izany, ilay dadanay tafaverina tany ihany izany izy, mbola ... Fa ny manao ny marina, sy ny manao ny ratsy leitsy miavaka koa tompokolahy Ingahy Rainihanja, fianakavianareo ihany, Ingahy Rainihanja Zakamanana, fianakavianareo Ambohipolo ihany, asa moa na mifaninona aminareo Ambohipolo, eto amin'Ingahy Rainizafinoro izy, ka nony efa naheno an'ilay dadanay tonga izy, niala teo Belanitra eo izy, hoe nilona tany amin'ny ranc mafana, fa io rano mafana io, efa ela be kay no teo, efa ela io. Nilona tany amin'ny ranomafana izy, fa ratsy hoditra, nivadika boka, boka, hany Ingahy Rainihanja Zakamanana, dia tany an'anona any izy no mety, nanafatrafatra ny zanany hoe : "Tandremo ny marina ry Zafindratsimba, aza mba nivadika amin'ny marina lehiroa".

Dia ilay zanako lahimatea izany, atao hoe Rakotomanga izay, mbola ao daholo izao ; aty ny rahalahiko aty, zanak'olo-mianadahy izahay, ka izahay tsy manao hoe anona fa dia mpirahalahy mbola fotsy olo be ; izany ataony hoe "Vice-président-n'ny anona (Firaisan'Ambohitompoina) aty izany, ny zanany Régis Ramanambahoaka, mbola ao izany fotsy volo be izany, mbola miasa. Izany no nitari-tolona niaraka teto tsy nijanona, nanao ny raharaha tamin'ny 1947, ary hatramin'ny izao dia mbola manohy, izao nahatonga ny hoe M.D.R.M. izao, dia mbola tsy mijanona ihany ny atao hoe K.D.R.S.M.

. Dia mba ahoana ary ny tantara niainan'i Dada tamin'io M.D.R.M. io, mba avereno tantaraina amiko ary hoe, hoe izao no nanjo anay, hoe izao no tolona natao ?

•

- Ny tolor, natao aloha, dia tao amin'ny andron'ny nanaovana azy, dia sai-ky tahaka ny fijerena maso ny fahitana maso aloha no marika voalohany, teo amin'ny andron-dRaimongo sy Dussac, dia rehefa teo amin'ny andron-dRa-laimongo sy Dussac, dia ny zanako lahy moa atao hoe Rakotomanga izy dia, lehibe mpandeha, tsy hoe mpandehandeha izy, fa isan'ny mitsangatsangana, mpitsangatsangana teny Antsirabe eny izy ka niandohan'ny androm-pirenena tamin'izay, azo lazaina hoe androm-pirenena tamin'izay, azo lazaina hoe androm-pirenena, satria fitakiana no nataon'i Dussac sy Ralaimongo dia teo Antsirabe, io Antsirabe io izany. Ka rehefa nitsangatsangana teo izy moa, lasa nandeha na nahavita an'ity fasan-drazana ity izahay, ka hividy fitafiana sy vilia sy fanaka tany Antsirabe ilav zanako lahy natao hoe Rakotomanga, dia nahita indrindra ny fipoakan'ny raharahan'i Dussac sy Ra-laimongo teo Antsirabe, ary nanangana saina sy nanorina lasy lehibe teo mihitsy izy, natsangany itakiana an'i Madagaskara, iverenan'ny zom-pire-nenan'ny Malagasy izany.

Teo Antsirabe, io Antsirabe io, kanefa na dia ny Malagasy koa aza tsy nanaiky ilay anona, ny ankabeazany, ka olona va mpiasam-panjakana daholo daholo no ankabeazany, ka dia tora-bato, langilangy ka izay olona na-nana karavato, karavato mena manja ireny, dia natao hoe nanaraka an-dRa-laimongo sy Dussac daholo ka nanana an'izany, dia voahenjika ho naman-dry zareo.

Ary isan'izay no niandohan'ny zavatra teto. Izay nanana karavato mena dia natao hoe naman'i Dussac sy Ralaimongo, ka dia raha nanana an'izany ary izahay, tsy midoka tena isika akory, fa teto, raha nisy voalo-hany, dia mba isan'ny faharoa ihany teto, nisy faharca dia isan'ny fahatelo, tsy nisy izany dia mba atao hoe isan'ny voalohany teto ka nandray daholo daholo. Tsy nisy tsy tafakatra teto anie, na iza na iza mpanao ra-haraha ary nahalala an-dRafarilahy Paboanamaro daholo daholo. Raha hanon-tany, haka renseignements ianao hatrany hatrany, samy nahalala an-dRafa-rialahy Paboanamaro daholo daholo, ary tsy nisy tsy tec hafa tsy ny adminis-

trateur irery no tsy afaka teto, amin'ny maha-vazaha azy fa teto daholo daholo, na dokotera tamin'ity rehetra rehetra ity, na mpiasam-panjakana izy, nahalala antsika teto daholo daholo ka rehefa nihodina ery ny tanta-ra tamin'ireo, ka lasa ny eritreritra, dia izao : ka raha mba mitaky moa ny atao hoe fahaleovantena isika, fa tsy hijanona amin'izao firaharahana izao, araka izao fandehan-javatra izao isika. Amin'andrim-panjakana hoe fahaleovantena isika, inona no zavatra mety tokony mba azo atao ? Dia mba lasa nikitikitika an-dry zalahy anona ireny ihany, dia ny tenako mihitsy raha misy fivoriam-be ka manao fampakarana, dia rehefa mifaly ny vahoaka ka, mikorana ao amin'izany, fanaovan'ny filaminana, amin'izany atao hoe fetim-pilaminana amin'ny fampakaram-bady, tahaka an'izany dia manao fana-zvana aho, mahafinaritra ny fandehan-javatra toy izao kanefa indrisy, fa raha mba fitakiana ny fahaleovantenantsika moa ka ahodina ny tantara, hankeo amin'ny tantara malagasy, ka ny lovan-drazantsika fahizay no mba entintsika, tsy tokony ho tsara lavitra noho izao ve ? Raha ny tantaran-drazantsika no entina satria nanana tantara isika : jereo ange Ingahy Ra-laimongo sy Dussac e, Dussac anie ka vazaha e, fa Ingahy Ra-laimongo mala-gasy nefo tsy adinon-dPalaimongo ny tantaran'ny razana nentina fahizay, fa mbola tsarovany ihany ka raha mba nanana tantara amin'izany moa isika hanao ahoana ? Dia nifandray ary nisy maromaro, nanao kaoferansa, nanao kaoferansa. Dia nony efa tao aoriane kelin'izay dia nandatsa-bato tamin'ny, adinoko teo indray, ilay mpampianatra tao Antananarivo aloha no natao député. Izany no fiandohan-javatra teo amin'ny nitakiana ny anona, nahi-ditra nisy député malagasy teto amintsika ; dia mpampianatra izy io tao Antananarivo, vao izay indray nony efa teo Ambatolampy. Vandennes izay indray no administrateur tao Ambatolampy, dia hipoaka tamin'izay ny 1947.

Ka i Vandennes izay no administrateur teo Ambatolampy, ary tao An-tsirabe tao, nisy avocat natao hoe Ranaivo Jules izay, ka dia niray ta-min'ireo ary izahay, nanao fanadihadiana tahaka izao ataonao izao, nila hevitra, nila dinika, nila tahaka an'izany, ka na dia ny mpivarotra na ny inona nikamban-kevitra taminay tao Ambatolampy tao daholo daholo. Ta-

min'izay andro izay dia handatsa-bato ary, raha afaka volana iray angamba izy izay dia handatsa-bato ho an-dRavoahangy, Raseta, Rabemanjara Jacques. Rabemananjara Jacques anefa dia fantatsika fa vazaha ny vadiny. dia fanta-tra, tsy ho lasa ity tantaran'i Madagasikara ity, vazaha no vadiny. Ary izy nanidina tamin'ny aeroplanina teny ambony teny, nony efa tonga io lat-sa-bato io. Dia natao ary ny latsa-bato tao Ambatolampy, ka rehefa natao ny latsa-bato, dia lasan-dRavoahangy ny latsa-bato *député* tamin'io, ka re-hefa lasan'Ingahy Ravoahangy ny latsa-bato amin'ny maha-*député* azy, dia nihodina nanao izay azonay natao izahay. "Inona ary no azontsika atao ?" tamin'ireo tantara ireo anefa, dia nipoaka ny tany Moramanga. Moramanga no nitari-dalana nipoaka mialoha, ary rehefa nipoaka ny tany Moramanga dia nidina nankany amin'ny faritanin'i Marolambo ; ka raha nidina nankany amin'ny faritanin'i Marolambo ilay zanako lahy moa dia nidina tsy azo nananona izy. Nanana fahendrena ihany koa izy e sady notendren'Andriamanitra tamin'izany, dia nanamby ilay miaramila mpiady tao Marolambo tao izy.

"Iady teo, niady teo, ka tao no nahazoana an'izany voalazako tantara hoe odi-basy dia rehefa tafakatra izy, niakatra nankety, niakatra teto antanana teto, mbola teto izany ny tranonay, teo amhany akaikin'io, an'anona io. Dia niakatra izy avy any, dia ahoana no fandeha ? dia izany mpipetra-ka, maro ny olona, ka vahoeka no teto raha vao ton ga izy, dia samy tonga, ka ny olona koa tahaka ny irak'Andriamanitra, fa raha vao nahita azy tonga dia samy tonga nanatona daholo daholo, Dia nidinika teo, nidinika teo, dia hoe ny miaramila any ambany efa mety hiakatra ihany hitaky ny hanao ilay fanoherana aty, fa tsv hijanona fa hitaky ny fahaleovantena mihitsy. "Manao ahoana anefa leiroa, hoy aho ny fandeha any Marolambo ? Marolambo hoy izy, dia efa fahirano izao, kely variraivony sisika dia ho azo i Marolambo, hanjo Marolambo ity, izy manana basy moa, ny tena tanam-polo fotsiny, ka ianao mitoby manodidina ny anona eny ny antoandro ny andro, tifitra basy tsy misy fiafarany : ny aeroplanina, misy nataony ponté avo be izay teo, dia mandefa taratasy amin'ny anona, telefonina amin'io ilay vazaha teto, tsy mijanona fa mandeha ihany ny telefonina. Tonga ny tsy fahampian-tsaka-kafo amin'ny nanaovana azy fahirano, nanatitra hanina ny avy any ...

II

- "Miantoka hazo vao navelany izy, hoy izy, dia ka atao ahoana izany no atao, inona no hevitra no azo atao ?" Dia izao no nataon'ilay Ramanana Sergent, sergeant tao Ambatolampy io : nilazany hoe : avoty aloha ny aina ry Ingahibe, hoy izy, ka manaova izay azonao atao, fa raha eto ianao no hila hevitra hoe inona no hevitra, aty Ambatolampy, dia tonya sahirana fa ny teto aza, raha tsy vazaha mihitsy no niantoka an-drangaha ity, tsy afaka izy hoy izy, ka manavota aina aloha ianao, ataovy izay azo atao. Dia lasa aho niverina nankaty nilaza tamfin'ilay Rakotomanga zanako.

"O, Lerco ! - Ahoana ! - Izaho anie tany Ambatolampy, hoy aho, ka nidinika tamin-dry zareo ; izao anefa no tenin-dry zareo, hoy aho : nataony hoe : ny ainao aloha avotana fa raha ny resaka betsaka dia tsy misy ho azontsika lazaina aloha. Avoty ny ainao, ka ahoana no atao. Ny miteny hoe : tsy misy azo atao hoy izy, dia izany dia tsy azo atao, fa raha ianao koa aza no hiteny izany, ianao filoha mpitarika no miteny izany dia angamba tapahin'ny miaramila ny lohanao ka ataovy mihitsy izay zavatra azo atao hanavotana an'ity tanindrazana ity.

- Dia eo moa ilay filan-kevitry ny betsaka, teto. Mivory teto izy rehetra, dia nivory iny alina iny izahay, inona no hevitsika, fa ny raharaha dia hitanareo fa miady amin'ny basy, ary ny raharaha ataontsika izao tsy zavatra mora, fa tahaka ny ataon'ny olona hoe "voamena tsy ampy vozon'akcho no manefa".

. Niza izao no ataontsika, ka inona no hevitsika ? Dia izao no hevitr'ilay filan-kevitry ny betsaka hoe : andeha alefa Rangaha aloha dia hidina any amin'ny Betsimisaraka ka hamory miaramila. Dia nalefa ary aho sy io miaramila anankiray niaraka tamiko hamory miaramila. Rehefa nandeha nidina nankany ambany aho, naharitra herinandro, rava ny tec, rava ilay paositra teto. Tonga daholo daholo ny olona rehetra rehetra nandositra niatsinanana nantsoin'ilay pastera, fa ilay pasitera izany kon aza teto daholo. Nantsoiny hono hoe : "izay te ho velona dia miakandrefana, izay te ho faty dia miatsinanana". Ka ny olona ve hanatona miakandrefana : sady enkety no basy mipoaka. Niezaka miatsinanana ny olona. Izaho mbola vao nanomana ny

basy mipoaka. Niezaka miatsinanana ny olona. Izaho mbola vao nanomana ny miaramila dimy amby roapolo lahy hiakatra, ny taty rava.

- Ny miaramila efa nisakafo tamin'ny am-bava ala rehetra rehetra, avy any ambany. Ny atsinanana rehetra rehetra dia nofaohiny dia nidina nankany ambany. Ny atsinanana rehetra rehetra ncfaoohiny, avy dia nidina, misy roapolo, misy folo, misy dimy, misy enina, ny azo dia nentina, tonga avy any dia nalefa. Misy izao indray hono ny Merina azo avy any ananona. Dia alefasso amin'Ingahy Rafarilahiboana, dia fantatra ry anona avy ac ananona ireo. Ataovy izay mahavelona an'ireo clona ireo aloha, dia mba nangotraka ihany koa izany, nokarakarain'ny Betsimisaraka mihitsy na sakafo na anona. Atobystamin'izay trano misy ambim-bary hoe : eny ananona ny anona tahaka izac, eny ananona ny anona tahaka izao. Tonga iray dia nankeo amiko, na telo na efatra, dia nankeo amiko, dia any ananona ireo no mipetraka, dia any ananona ireo no mipetraka. Zarazaraina ohatra an'izay.

. Hony efa taty aoriana ary, tonga ireo Amaraoka ireo, izay dia naharava, fa ny anon'ny Betsimisaraka rava, ny Amaraoka tonga, izahay enjehina fo-tsinysy ao anaty ala, dia farany ... Vahoaka anie no maty, anaka, fa izany hoe tsy atao anona fa ... Tsy natao amason'olona fa tantara izany ka tsy maintsy tantaraina. Ny olona maty tao anaty ala aloha saiky maty sasaka ny vahoaka, ary na zanany ... izany zokinay izany dia tapitra tsy nisy izy, na dia anankiray aza, na zanany, na vadiny na inona, ity atao hoe : "Pamananjoelina milevina eto ity. Dia tapitra, ary mbola very faty, tsy hita ao aza ny vadiny, tamin'ny mosary izany, satria efa nanenjika ny Amaraoka hattrany hattrany, izay lalana nalehi feno tolin'ny Amaraoka daholo dahclo, hanry ka tsy nisy intsony ny sakafo hohanina fa ravina, ravin-kazo no hohanina ka aiza indray no hahavelona amin'izany ka rehefa niyoaka ilay raharaha tetozamin'ity anay ity, fa saika niantso-mianotra izy izany, ady no teto. Teo amin'ny aloha, dia ny niandohany ihy, tantara efa lasa ary vao voalaza ity izao, tokony ho aloha, lasa aty aoriana izao.

- Teo Iharana, amin'io tendrombohitra be io no ... Ambany avarany, io no, no nitobian'ny miaramila frantsay, an-dry zareo Frantsay, ary isika teto

amin'ity tany ity. Ka rehefa hanafika azy eo izahay, fa efa tahaka ny misy fotoana koa hoe : daty izao no hahatongavanay eo, ary misaotra an'Andriamanitra aza aloha fa ... Mbola herin'Andriamanitra izany, inona ary no hevitra, hono, hoy izy, ny miaramila rehetra ato handeha hiditra ao ambanin'ny *dalle*, ka raha vao tonga ny aautomobilina, dia mivoaka, dia akodia ery dia samborina daholo ny fiadiana no atao ... Ny ahazoana ilay fiadiana no tetehina, raha tafiditra tao ambanin'ny *dalle*, matiny tac daholo ilay vahoaka teto, hay izy ireo nitondra *coupe-coupe*, antsy be fikapana daholo daholo koa, fa tsy hoe anona fotsiny. Ka nony efa nanombana, fa talata no nidiary teo, ary ilay rahalahiko ary angamba nahita tsara iny andro niadiana, fa izaho moa dia tsy teto fa izany lasa hoe hanampy miaramila any ambany izany. Ary Rabedaoro koa nahitatsara, ilay zanako koa aza ... Oadray, diso paika ihany isika, raha nantsoina maraina ilay Rakotomanana, zanako lahy eto, andafy andrefana, zokin-dRabedaoro dia ... hitantara azy.

. Ka nony efa niditra, niditra, teo am-pidirana no ... Teo am-pidirana aloha, ady ve, ka ny basy sy ny karazany ho azonao resahina intsony. Maimbo ny miakandrefana tany hono, saika toran'ny fofom-banja aza ry zareo miaramila, efa misy miaramila mipetraka koa anie eo an-tampon'io Iharana io, antsika izany. Dia efa miandry eo koa ilay miaramila, koa ilay miaramila tao, leon'ny fofom-banja ka tafandry tao, nalaina ny maraina vao afaka niala teo. Azony nafana be ilay ady teroa. Ka ilay ady teroa, baikon'ilay *sargent* izay ilay miaramila rehetra, tsy misy mitsangana na anankiray aza, fa samy mamindra ... Rehefa ataony hoe "ambany", dia samy mipetraka daholo daholo. Marihina amin'ny tanany ihany, manome *signal* amin'ny aty aoriania, hoe "mazazo mitsangana" dia mitsangana.

- Nony efa ho tonga teo am-potony, hoe haka ilay fiadiana teo, velona ny hoe *coupe-coupe*, *coupe-coupe*, *coupe-coupe*. Hay ve manana ... Ka ilay ody basy no nananana, fa ilay ody vy tsy nisy, ody bala. Nobaikoana indray ilay miaramila hiverina, niverina, niverina, niverina moa ity izy, nanaraka avy ao aoriania mitifitra, ny tena niverina, niverina, niverina ihany, nony efa tafidina avy amin'ilay lohasaha ary ambany atsinanana, io Iharana avaratra

ao, handositra amin'izay, fa tsy vitany hipetraka ho baikoana intsony, izy mitifitra avy aty afara ihany. Nitsangana nandositra tamin'izay nipa-ritaka ny miaramila, ka rehefa niparitaka ny miaramila, nisy tsy dia matiny teo am-piadiana, tsy akory, fa nandositra ny sasany ka tsy afaka intsony, dia tratrany teny amin'ny anona dia maty. Ilay Ramanambohitra zanako lahy eroa, tratrany teo amin'izay farihy be izay, dia notifiriny teo, dia voa teo amin'ny fe teo dia nidaboka tao anaty fotaka, dia notifiriny ary ilay fotaka, dia leiry tsy voan'ilay bala intsony nony voa indray mandeha, tamin'ny feny iny no voa, dia nandry tsy nihetsika intsony leiry, leiry, dia tsy voany tamin'ny bala intsony fa nasian'ny bala dia nankaty, nankaty, dia tototry ny fotaka leiry. Ka tsy nihetsika intsony dia maty hoy izy. Izy nalain-kiroboka ilay fotaka be dia nilaozany fa hoe maty io. Tototry ny fotaka teo dia tsy nihetsika dia ... Koa ilay miaramila niara-ka taminay sasany efa lasa any aloha any, any indray izy vao mifankahita hoe "Ialahy ve naratra ? - Naratra aho, hoy leiry - ka ho afaka handeha ve sa tsy ho afaka handeha fa sao manaraka ihany izy ? - Mbola afaka mandeha aho. - Ao babena ialahy raha toa, raha toa tsy ho afaka handeha - "fifaka aho hoy leiry". Dia nandeha, izy io anefa, - avy eo amin'ny feny eo ny ba-
la no nigorobaka dia mba afaka nandeha ihany izy dia teto an-tanàna izy, ka rehefa teo amin'izany, dia ho tamiany ary ny tanàna teto, mbola niveri-na izy aloha tamin'iny. Fa hihodina fanindroany amin'izay izy vao nanao ny tanàna teto. Ny vahoaka taty moa vao naheno ny feom-basy rehetra rehetra dia tany amoron'ala daholo daholo. Ny miaramila avy any ambany moa niaka-tra rahateo dia ny azony avy any dia, lasa nankany ambany daholo daholo.

. Rehefa hoe M.D.R.M., ka M.D.R.M. izany no fitondrana azy tamin'izay, re-hefa mambran'ny M.D.R.M. dia any ambany daholo daholo. Iry misactra an'Andriamanitra fa mba tsy sarotiny ny Betsimisaraka fa izy tafidina tao dia. ny trano nanana ambim-bary moa nanokatra ny vary, dia misy folo any ana-nona, roapolo any ananona, na telopolo ka vahoaka toa inona hoy ianao, no nandeha tamin'izany. Itony ry Rabedaoro, izao Ambohipolo, ity rehetra rehetra ity tsy misy tsy tany e, manontolo nandositra tany daholo daholo. Fa

izahay tafaverina taloha kosa indray, niverina nankety dia nahazo ny hanina dia mambabo ny fananana rehetra rehetra tao. Ary isika nanana omby valo amby efapolo, soavaly dimy no teto niompian'ny olona, ny kisoa, na ny omby, na ondry na ... fanaka e, tsy nisy tsy teto. Izany ataoko hoe nahalalan'ny olona an'ity hoe, nahalalan'ny olona an'i Rafarilahy Boanamaro hoe tsy nisy tsy tafakatra teto. Ato ilay zavatra natao, ka raha ohatra *sous-gouverneur* teny Ambatolampy ireny no tonga tety, izany tonga matetika tety, ny mamono kisoa tato, ny mamono akoho raharahan'ny teto inona akory, feno kisoa daholo ny vala kely rehetra tety. Raha maka kisoa anankiray ato, tahaka ny maka akoho anankiray, ka rehefa niverina dia foana izany tsy nisy intsony fa nangataka aza itony Rafotsy eto an-tany itony rehefa niverina teto izahay, tsy nisy tamin'ny andron'ny M.D.R.M. izany.

- Maty ilay zanako, tatranay teto ilay zanako lahimateoa noho ny fananana nefo no tsy nialana teto, fananana betsaka teto, ka dia tsy niala izy faniery teto. Ka hay ilay *chef de canton* io no nisambotra ny kanakana, ka raha tahaka ny andro taloha hoe nisy tsitsika hoe, aza homana kanakana na tahaka an'izany dia nohanina ny kanakana fa tsy isalasalana dia isay. Nanosika ilay kanakana fa betsaka ny kanakana ka izy niery tao amin'ilay lavaka teto an'anona tato, ka nenjehin'ilay *chef de canton* ny kanakana avy aty nosamboriny ka nankeo aminy, dia tratrany, hitany teo izy ka izy ny basy mbo-la teny aminy ihany, ka ilay basyefa tsy nisy bala intsony fa basy fotsiny, tsy bala tsy inona, tsy inona. Tratrany tao izy dia, hitan'izy rehetra dia nenenjehiny dia notifiriny. Teto indray tamin'izay notifirana azy, izany hoe *chef de canton* nisambotra ny kanakana teto. Tamin'ity ambony atsimo ity ny miaramila no niraty, tamin'ity ambony avaratra ity ny miaramila no niraty, ka ny nahafan'ny vehivavy rehetra sy ny ankizy madinika nandry tamin'ny tanana teto dia natanjaka ilay basy avy ato ambony atsimo namely mafy ny teto, ka nijanona ny avy ery, ka ny andro nanjavona dia nivoaka daholo ny zaza amam-behivavy rehetra nandositra niatsinanana nankety fa izy irery izany no tafajanona teo : Ingahy Rakotomanga zanako. Ny zaza amam-behivavy afaka daholo daholo, izy tsy nandositra fa dia niandry ny zavatra teto koa ny mia-

ramila tety avara-tanana tsy nitifitra na dia nahita ilay olona nandeha aza, fa mafy ilay bala taty ka tonga tery aminy, ka niataka koa ilay miaramila aloha. Ka efa lasa lavitra ilay zaza amam-behivavy teo, izy vao niakatra izy rehetra dia norobahiny, dia ilay rangahy iry moa azony rahateo, nihoatra nankoo atsinanana eo no nandositra hono dia voa tamin'ny tongony teo dia nandeha tamin'ny tao ambany atsinanana tao, nisy hady tao dia niditra teo dia teo no notifiriny, dia maty teo. Dia saika avalany rano indray aza izy io nony efa tonga ny miaramila avy aty avaratra, batao ka avalano ny rano, avalana amin'iny Sahatorendrika iny izany, ka nisy raoplanina be indray nandeha avy eo an'anona eo ka, nataon'ity hitifitra ilay raoplanina dia nilaozan'izy rehetra ilay faty, navelany teo. Ka ilay zokiny eo andafy avaratra io, sy ilay Ranaivoson izay fatidrany, nipetraka eo anaty rambiazina eroa andafy avaratra eroa, no nariana ny lamba dia eo anaty rambiazina eo no namitsaka, njery ny nanaovany an'ilay faty. Ka nony efa rava izy rehetra dia niampita izy roalahy dia nofon: siny lamba ilay maty dia naleviny. Niala daholo daholo izany izy rehetra, dia izay no nalevina ny maty, izahay tary efa tratran'ny anona, nosakanany tany, tsy afaka intsony fa dia tany ambany izahay, tsy nisy zavatra azo nanaovana azy intsony fa niakatra dia izany azo voasambotra nalefan-dry zareo gadra, fa ny tany anefa izany lazaiko taminao hoe nitifitra namely tao ny Amaraoka fa tsy nanao ahoana akory, fa raha nitifitra any aza dia izany nisy lazany hoe : raha iny tsy azo anaovana ... Izay no nanaovana ahy hoe olona manidina. Dia olona manidina iny, dia nony tonga taty dia misy tantara hoe olona manidina, ka inona no olona manidina eo, fa noho ny fitahian'Andriamanitra sy ny Razana dia na dia namely teo nandritra ny atao hoe efa adiny iray aza no nitifirana ahy tao anatin'ny rano tao, tsy nahavoa ahy dia hoe tandremo fa olona manidina iny. Ary raha misy telo na efatra amin'iny dia rava mihitsy ny lalana fa tsy misy io frantsay, frantsay io fa tapitra. Ka io no nahatonga ahy, nahasoratra ny lalana tamiko, nahamafy ny gadrako hatrany hatrany, hoe olona manidina dia izy no jeneralin'ny rebelle dia izay no nahatonga ahy *Général-Rebelle*.

fa mbola olona vitsivitsy fa dia niteraka ireo olona ireo no naha-be azy,
dia izay ny tantarany.

. Fa ireo dadabentsika, ry Ramiandrasoa sy Razafindralambo ireo izany dia
anisan'ireo ilay fitopolo lahy am-bava basy izy ?

- Ie !

. Dia nisy notenenin'i dada ihany koa teo, na dia hoe tsy hitan'i dada aza
ny voalohan'ny nahatongavan'ireo ray aman-drenintsika ireo, ireo razana
ireo. Fa niteny ihany i dada teo hoe efa henokenon'i dada ihany ny hoe, ny
tantaran'ny Betsimisaraka ato atsinanana ato, dia tsy misaraka amin'ny tan-
taran'ny eto. Inona moa no tena tian'i dada hotenenina amin'izany, misy an-
tony manokana ve, misy niraiana ve ny tantara tany aloha fahagola tany sa
ahoana no nahatonga izay hoe tantara iraisana izay ?

- Ny tantara iraisana amin'izay tsy misy zavatra azo ambara manoatra noho
izay, satria miditra amin'ny lafiny hafa amin'ny fokontanin'ny Betsimisara-
ka io. Fa ny firaisan'ny vady aman-janaka, sy ny maha ambany sy ambony azy,
izany hoe mba hahatsara ny fonenana, tsy ifangalarana, tsy ifamoneana, tsy
ifanaovana zavatra samihafa, izay no nandraisany, nandraisan'ny tany amin'
ny Betsimisaraka ny aty. Izy dia folo ny basiny taty, nanana basy amin'ny
maha-fitopolo am-bava basy azy, ka raha hanafika izy any ananona any, folo
no entin-dry zareo, langilangy, antsy, ka dia nifandray tamin'ny teto izy
mba tsy ho voasaraka amin'ny izay zavatra ataony mba ho tahaka ny mpiray
tampo. Ary ilay Rainibetsimisaraka izay aza, maty dia tety no naleviny alo-
ha vao nentiny nidina, nalaza hoe Rainibetsimisaraka.

. Anisany tamin'ny Menalambo moa izany ... ?

- Tamin'ny Menalambo indrindra ireo.

. Niaraka tamin'Ingahy Razafindralambo ?

- Niaraka tamin'Ingahy Razafindralambo, dia Razafindralambo izany nalefa
nita tany andafy tany.

. Dry irona ary ilay karibera'i dada hoe nisy Betsimisaraka sy Antemoro nikasa hanafika taty, nahatonga 'n'ilay fiandrasana ilay vava-tany, nanendrena miamerilah fiambona tany taty ?

- Ny Betsimisaraka sy Antemoro, tay hoe ny Betsimisaraka sy ny Antemoro no hoe nikasa hanafika taty, fa ny Antemoro hanafika ny Betsimisaraka, ny Antemoro sy ny Betsimisaraka, koa any miady e. Nifampaka, fa izany hoe ny Antemoro hony izory, asan'i ingaly Iainiganana an'izany, olona tsara nalain'ny anabaving ho vady i-ny. Antemoro dia, Antemoro ireo ka ny Antemoro no tena tsy peniny folo fa ny taty namorai basy dia tsy tafiditra ny Antemoro noho ny fisakaran'ny taly izy ; dia izany no nanaovana fatidrè, nanao velirais. Maha. Sihavemanan tamin'ny Betsimisaraka, hoe mifanampy isika ary misamokana emilia'izay sava fixa rehetra izay atao, ifanampiana na inona na inona fa isy roa tsara, ne Antemoro sy ny Betsimisaraka nifanafika.

. Ia ny Peccaria madan izay efa vena hatry ny ela mihitsy no nanana fifandraisana temin'ity Vatomahary ity ?

- Raha vao nidiatra, raha vao nidina ny taty, fa lalana, lalana akaiky misy obatrinona azy ny Betsimisaraka oto sy isika e dia vaha vao nidina ny taty, henony ny maha fitoprolo am-rava basy azy dia efa fantany izany fa manana basy, ka izy ireo halatra no niandohany, ka rehofa halatra no niandohany, mankaty tsy mahazo i-ny, mankaty tsy mahazo izy, dia nifandray sihavemanan izy. Ny lehibe too, sy ny lehibe teto nifanantona dia nifanao sihavemanan, azy dia izay avy any aivelana mifidina eo min'ny faritany no tohanana fa izy roa tonta dia efti nifanampy.

. Ary tsy fan'atra'i dedha kosa azy vo hoe sao dia ireo, ireo Betsimisaraka ireo azy, revaliha sifanina koly telochun'ny rihavian'ny razantsika avy any avaratra ?

- Tsy fantatra valavelly, ta maha ny any anazy ala any aza anie dia mbola misy hadivory be tsy fantatra, any anazy alon'i Betsimisaraka any efa nisy hadivory be tsy fantatra, ka ny tantatra ne Semin'izany ana dia ny Betsileo

sy ny Betsimisaraka no olona iray firazanana, ka nolazainy hoe ady ronono hono no nisarahany, voatebatebaka tamin'ny ronono ny sasany dia lasa niakatra ny Betsileo nitondra ny zanany niakatra. Tsy fantatra velively fa raha handeha any anaty ala any isika, hadivory toa inona no any kanefa izay niandohan'izany zavatra izany tsy fantatra.

- . Tsy fantatra akory hoe iza no nanao azy ?
- Tsy fantatra, fa itony hadivory aty amintsika itony no hita ny nanao azy.
- . Dia ireo izany no nanao azy raha sahala amin'iry niambenana omby ery Antamiana hoy i dadabe ?
- Antamiana ihany izao no dia tena renibeny ety, no sady eto amin'ny firaisansana rahateo. Tamiana dia Ramiandrasoa sy Razafindralambo dia Razafimandimby no nanao azy. Razafimandimby enjehina avy any Antananarivo, lehiben'ny mpiandry omby. Izany no nanao azy taty dia Ramiandrasoa sy Razafindralambo ary Razafimandimby.
- Dia ireo izany no nampanao ny hadivory voalchany indrindra ?
- . Ireo no nampanao ny hadivory, ny vahoaka mpiandry omby no tena manao fa ireo ve hahavita azy.
- . Fa dia niandrasan'omby fotsiny no tena antony nanaovana ...
- Niandrasana omby, iadiana satria misy atao hoe Ampahibe ao amin'ilay Tamiana io, dia eo no argonina ny ombin'ny Andriana rehefa anona fa sakaindry zareo avy amin'ny faritanin'ny Intemoro. Tafakatra taty daholo izany faritany avy any izany, ary na dia ny Betsimisaraka koa aza dia mbola misy fahavaloh, ny ankabeazany nanafika, nanao, ka halatr'omby ka. Tahaka izao isika izao, ny eto an-tany onerana cto aza mangalatra an'izao sy izao, halatra manao izay ihinanana. Ka dia misy fahi-be tsy hita velively izany, izany atao hoe Ampahibe izany.
- . Ary ireo ilay hadivory sasany aty avaratra aty, chatra ny ato izay, misy maro sosona be ato Ankafoe, io, dia ahoana koa ny momba ny niantombohan'io, ny niandohan'io ve fantatr'i dadabe koa ?

- Ny niandohan'io dia fantatrao, ka dia tanintsika anie io e. Dia ec izao, ry Rajcelina ireny hitanao eo amin'ny manodidina ireny koa dia tanintsika ireo. Dia io Ankafobe io, dia fiadiana tahaka izany lazaina izany koa e, satria mpiandry ombin'Andriana izy, ka mizara roa ny ombin'Andriana dia hiditra ao anaty hadivory ao. Ka tsimotady no entina miady amin'izany, izany ilay lazainao hoe inona no nahatonga ny taim-by amin'izany. Taim-by no nangonina amin'ny sobika rehefa antoandro, misy hadivory fanaovana fanefena tato ananona tato, ataony hoe Ankadivorin'Antsoho ao izao, tao no nisy mpanefy vy. Ka dia taomina ny taim-by dia angonina eo, dia taim-by no atao-ny fiadiana eo, vato, tsimotady izany, no iarovana an'i Tamiana, na ny teo Ankafobe dia nambenana tamin'ny tsimotady fa tsy misy, fa basy anankiray ihany no maha-fitopolo am-bava basy azy fa angaha nisy basy batsaka.

. Tady no niambenana azy, fa dia omby daholo no tao anatin'ireny hadivory ireny ?

- Fa dia omby no tao anatin'ireny hadivory ireny, dia ny mpiandry no manana trano kely manodidina ny hadivory. Dia ao anaty hadivory zo anie zo rady amin'ny fahavalo avy aty ivelany, tsy tafiditra amin'iny hady ihy ihy ny ivelany no mananona ka ny lalana, vato no, io Ankafobe io vazahady vato io, voaina ilay vato ac vao afaka miditi ny alaina mankao, fa hadivory tsy hita velively iny. Dia teo nihitsy ny razantsika no nipetraka, Ramiandrasoa fa ny taty dia mpiandry omby ny taty Antamiana.

. Fa izy monina tao anaty hadivory koa ve sa dia ny omby fotsiny no tao ?

- Teo Andafiavaratra teo izy sy ny omby ...

. Aty ivelan'ny hadivory izany ?

- Teo Andafiavaratra teo izy no nipetraka fa ny omby no teo dia ny mpiandry omby. Nanana miaramila izany e, misy miaramila mpianiry ilay, miaramila moa hoe, ka ilay nitsoa-ponenana, ilay olona tary, efa niditra ho mpiandry ombin'Andriana ka efa manomana olona izy hoe ianareo no toy izao, ianareo no toy izao. Fa rehefa tonga ny vazaha ny tanteraka dia lasa ny omby, lao, lao, nianatsimo any, dia any atsimo any no niafarany. Izany no tantaran'ireny ha-

divory ireny, tsy tantaran'olon-kafa akory io, fa ny an'ny razantsika mi-hitsy io hadivorin'Ankafoibe io, dia na ny tanim-bary manodidina eo, na inona, dia mbola eo ilay zanako lahy anankiray.

. Fa dia omby fotsiny no nampiasana azy izany, raha izany, ombin'Andriana fotsiny ?

- Ombin'Andriana no tety, raha vao nisava velo Ramiandrasoa sy Razafindralambo dia ombin'Andriana no nampanarahina azy, nalefa nankaty.

. Dia natao ny hadivory iambenana azy izany ?

- Dia hadivory no niamberana azy.

. Ankadivorin'aninona moa, notononin'i dadabe teo hoe nanefena vy taloha ?

- Antsonjo, ato ananona ato misy hadivory dia tao ny taim-by no taomina Ankadivorin'Antsonjo.

. Ato atsimo ato izany ?

- Ato atsimo akaiky kely ao e, ka izy io tsy hadivory fa tendrombohitra nisy hadivory kely izay Ankadivorin'Antsonjo.

. Dia tao no nanefena vy ?

. Dia tao no nanefena vy.

. Dia tamin'ny andron'ny ray aman-dreny ireo koa ... ?

- Tamin'ny andron'ny ray aman-drehintsika tamin'izany andro izany ihany, namorona vy tety.

. Ary ireo hadivory sasany kosa ary ve mba fantatr'i dadabe ny niandohany dia ohatr'izany daholo ve, niambenana omby daholo ve sa mba nisy olona nipetraka ihany tamin'ireny hadivory sasany ireny ?

- Nisy olona nipetraka teny, anefa ilay olona nipetraka tamin'ireny, efa tsy tratrako aza, fa maty ilay ray aman-dreny niandohany ireny ka mety tsy ho tадидико. Ny tantaran'ireny, araka ny olona, tsy ny olona niaraka tamainay, efa atao hoe impolo navadika, ka tsy misy tantara intsony, tsy misy olona lehibe nipetraka intsony ahazoana tantara.

. Fa raha araka ny fitantarany dia ireo ilay olona tamin'ireo fitopolo lahy, anisan'ireo fitopolo lahy am-bava basy ireo ihany no nanao an'ireny hadivory ireny ?

- Ireny ihany no nanao ny hadivory sy ny olona nanaraka nitsoa-ponenana. Dia ireny tsangambato be, atao hoe tsangambaton'Ambohipolo ireny dia nisy olona nalefa nandeha nalaina taty, nandeha nanafika aza dia maty any dia nananganam-bato, hoe io tsangambato anona ireny.

. Olona avy any Imerina no maty teto ?

- Olona avy any Imerina daholo e, tsy misy olon-kafa no naka an'ity rehetra ity fa dia olona avy any Imerina, ka ny sasany dia niverina, ny sasany dia tsy niverina dia mipetraka moa. Ny miverina dia tahaka itony ilay tany amin'ilay olona nanatitra anao omaly itony anie, atao hoe antanin-dRainibelemanga dia olona avy any Imerina fa niverina izy dia lasan-dry zareo ireo, anona ireo, ilay tany e. Ary ilay olona tsy niverina intsony.

. Dia ireo hadivory hafa moa hoy i dadabe dia olona avy any Imerina anisan'ireo ilay fitopolo lahy am-bava basy ihany no nanao azy ?

- Tsy nisy olona hafa nonina tety fa olona avy any Imerina daholo daholo, hafa tsy izay any anaty ala be any, misy hadivory be anie any anaty ala be any, kanefa olona haolo hono izany, kanefa olona haolo tsy fantatra hoe izao, izao, fa nony efa tonga ilay anona dia nisy olona voloina be izany hono, nony efa tonga ny olona tena olona avy any amintsika efa tonga, tahaka ny irak'Andriana dia lao, lao, nisintonia, niala tety. Ary dia efa tsy nisy intsony, fa nihaona ny Betsimisaraka sy ny Merina izao, fa vao haingakaingana ihany aza nisy olona haolo taty anaty ala taty. Dia maty tsy hita hoe nankaty, nankary fa dia na ny antsiny aza dia mbola hitan-dry zareo tany.

. Tazana teny ...

- Hita teny daholo fa maty angaha ilay olona, ka lao, raha vao mahita olona dia lasa, mahita olona dia lasa. Ilay tany feno olona, ka inona indray, dia lao ilay olona.

. Fa ilay hadivory, satria mantsy samihafa ihany ilay hadivory raha hampi-tahaina ohatra ny hoe Ankafoibe sy Antamiana izao no mitovitovy satria maro sosona ireo.

Dia ireo izany niambesana an'ilay ombin'Andriana sa ilay hadivory ssany ohatra hoe ilay tokan-tsosona sy roa sosona fotsiny aty avaratra aty ireny, tsy fantatr'i dada ve ny niandohan'ireny, raha inona no natao tao anatin'ireny ?

- Ireny hadivory ireny indray dia izao, ny iray eto avaratra eto tokan-tsosona io, io no ataony hoe hadivorin'Ingahy Rafarilahilava. Ny iray koa eo andafiatsinanana eo, hadivory tokan-tsosona ihany koa, dia hadivorin'Ingahy Tsifosaina. Ka izy ireo misy mpiandry araka ny fandehanany, kanefa mba iadiana ihany raha misy fahavallo tokony hiditra mankeo aloha dia miady ao anaty hadivory ao fa ny fiadiana nataony ac, dia ny taim-by dia ny taim-by sy ny tsimotady. Ka idiran'ilay olona eo mantsy, tsy misy zavatra alainy ao, fa izao, raha vao misy fahavallo tonga dia fanaovana akoko ireny.

- Inona moa izany akoko ry dadabe ?

. Ifampiantsoana, izany hoe ery andafiatsinanana ery ilay hadivory anankiray efa mipetraka, ilay eto atao hoe Mahatsinjo, eto ananona eto, hadivory anankiray mipetraka, ka raha vao misy fahavallo tonga na tahaka izany hoe manafika ka mitady haka ny ombin'Andriana, dia mikioka ireo hoe vonjec fa misy fahavallo mitady hangalatra, handroba ny ombin'Andriana dia taitra ny vahoaka manodidina iny dia mamonjy an'ireo, fa ny eroa dia efa miady mandrapahatongan'ny mpamonjy.

. Dia mifampiampita ohatra izany ?

- Mpiantso, fiantsoana ireny, ireny hadivory ilay anona ireny, ary ilay hadivory atao hoe Befiterena dia efa voazava aminao, ireny tanana, hadivory namoriana ombin'Andriana taloha, ifidianany ny omby be ronona ho entina re-hefa tonga ny Andriamanjaka hitsangatsangana ao Tsinjoarivo. Dia mandeha Razafindralambo izany hitondra ny omby fa ao Amboaloboka atsinanan'i Tsin-

joarivo. Dia mandeha Razafindralambo izany hitondra ny omby fa ao Amboalo-boka atsinanan'i Tsinjoarivo ao koa no fitoeran'ilay omby ho terena, fa izy nandeha, tany Antananarivo izy no madio tanana tamin'ny Andriana, nidina nankety koa dia izy ihany koa no mpitery rononon'Andriana, nidina nankety koa dia izy ihany koa no mpitery rononon'Andriana amin'ireo omby ireo. Ka dia nanao hoe Ankadivorin'i Befitery io ananona io, dia hadivory tokantsosona anefa io fa tsy misy anona, fa dia tahaka ny valan'omby e. Tokantsosona kely io, atao hoe Ankadivorin'i Befiterena, nijerena ny omby ho terena ho entina ho terena, isotroan'ny Andriana ronono.

. Fa ilay hadivory hafa ankoatr'ireo irery izany dia izay no nampiasana azy ?

- Izany no nampiasana azy, ifampiantsoana amin'ny anona, ireny efa misy tily, misy mpiambina, misy tily, mpiambina hatrany hatrany, mpihaino.

. Dia ireo tily ireo izany no mijery ny fahavalo rehefa hoe miakatra izy ?

- Ireo tily ireo no mijery, izany hoe raha vao neverina fa ny fahavalo mivantana, dia aty amin'ny omby no mivantana, ka raha vao miady ny ato ka velona ny kicka, hitanao ireny hadivory efa mifampitazana hatrany hatrany, dia raha vao maheno ny eto amin'i Rafarilahilava, fa satria ny any Ingahy Tsifosaina aty ambadika aty dia raha vao maheno ny aty amin'Ingahy Rafarilahilava dia mikioka ny avy eo dia maheno ny any amin'Ingahy Tsifosaina dia milaza koa mankany, hatrany Vohimanombo rehetra any e.

- Hatrany Vinany.

- Vinany, manontolo hatrany, dia mifamonjy vonjeo, vonjeo, vonjeo fa misy, misy menalamba, menalamba, menalamba hono, hambabo ny ombin'Andriana, menalamba, menalamba, tonga ny olona mifamonjy dia lasa iny. Tsy mahazo, isaky ny miditra tsy mahazo mihitsy, dia farany aza izy nifandray, nananona any hoe manatona ny taty izany. Izany no nahatonga ireny hadivory ireny, raha mila tantaran'ireny ianao, tsy nisy anon ireny, fa nisy anarany Ankadivorin'Ingahy Tsifosaina, Ankadivorin'Ingahy Rafaralahilava, tompon'io Andra-

nofotsy io e, io Andranofotsy lazainao ambany atsimon'Antanetibe io, Rafa-rilahilava izay.

. Dia ny nilàna hadivory izany ve nifampiantsoana ohatra izay, sa inona no tena nilàna ilay hadivory sa ifampiantsoana fotsiny ve dia nilana azy sa natao fiarovana ihany koa ?

- Fiarovan-tena ny hadivory, fiadiana.

. Fa ny tanàna akory tsy tao anatin'ireny hadivory ireny ?

- Nisy tanàna ireny ka ! Nisy tanàna kely nitoeran'ny olona, fa efa ...

. Izany hoe ilay mpananona tery tamin'ny anona, misy fotoana, mila ho isan' iray volana, isan-droa volana vao tonga ireny. Ka rehefa fantatry ny olona fa raha hanao zavatra izy dia mandeha amin'iny tanàna efa naoriny eny ireny. Fa rehefa tonga ilay anona dia miakatra eo izy, rehefa misy matahotahotra, tahaka ilay tsahotsaho izao dia miakatra eo izy, mandrapahatongan'izay fahenoana azy. Tsy misy indray izany, dia efa ~~samy~~ miely manao ny toe-javatra eny an-tsaha eny daholo indray no mandry. Fa tamin-dry zareo hatrany anie, fa tsy misy anona fa hila ho sahala amin'izao ihany anie rangahy ity fa tsy misy hafa. Ilay teny taloha sy izao aza hila ho sahala nihitsy. Izay no fandehan'ireo hadivory ireny, olona no nipetraka tamin'ireny, fa ilay marososona be, ny nahefana an'ireny marososona be ireny dia ombin'Andriana no tao, ka ilay olona nanaraka rehetra rehetra nitsoa-ponenana dia azo notendrena, ho nampiasaina mihitsy nanao an'ireny. Dia efa nisy kamoron-dra-no be izao ao an'anona ao, dia atsakaina amin'ny rano isaky ny fahavaratra, atao anona dia vita marososom-be. Ary ny vavahady izy ireny dia vato, vato kiboribory be, tahaka an'io koa anie ilay tanintsika . any andafiatsinanana ataoko hoe Ambatopaimborona niavian-drazantsika ary e, hadivory koa ilay miditra ao amin'ny vavahady joloka be, ka ilay vato vohàna dia azo vohana oirina fanoto, mandrak'izao isika miteny izao mbola vato be.

. Vato boribory izy io izany ?

- Vato boribory be ao Ambatopaimborona raha te-hijery.

. Dia akodia izy io izany ?

- Dia akodia izy io rehefa anona, dia kaliana rehefa mananona dia tsy voavohoa.

. Ary ahoana kosa, satria notenenin'i dadabe teo izao, dia hoe ilay Ankadivorin'Antsonjo no tena nanefena vy, ny taty atsimo taty, kanefa ny aty avaratratra aty koa, amin'iny Vinany iny, Vohimanombo ireny dia misy taim-by daholo koa. Dia mba ahoana indray ny tantaran'izay, ny nahatongavan'ny taim-by tao anatin'ireny ?

- Ilay taim-by dia fiadiana ary misy mpanefy vy daholo angamba tany, tao atsimo tao ihany no nanefy vy, fa tsy maintsy samy nanefy vy, namoronana vy taloha ka misy taim-by daholo daholo rehefa hadivory ireny, taomin'ny olona natao fiadiana taloha anie ilay taim-by e ! Tsy misy taim-by fotsiny hoe anona, fa ny taim-by no tena fiadiana maranitra be amin'ny atsimotady, dia tsimotady izany no taloha fa tsy nisy anona tsinona. Tsimotady angamba tokony ho fantatrao ihany, ataon'ny Antandroy hoe pailatra, pelatra izy.

. Pilotsa ? Ireny no tsimotady ?

- Ireny no tsimotady ireny.

. Izany hoe ilay taim-by ireny izany, tonga dia ireny no nampiasaina natao fiadiana fa tsy ... ?

- Ireny no mety ho vakiary, dia manana raharaha amin'io mihitsy ny irery lahy amin'ny indray andro iny, mamaky ilay taim-by ao, fa mafy be tahaka ny vy ihany koa izy ireny.

. Fa tsy zavatra natsonika akory izy ireny, na nodorana ?

- Zavatra natsonika ireny ! Tainy, izany hoe ireny no miala avy amin'ny vy, fa ny vy mitokana ary.

. Fa inona no nakana azy, vovo-by sa vato, sa inona no nakana an'ilay izy, amin'ny fitantarany ?

- Amin'ny niandohan'ny vy ve ? Vato anaty tany io no niandohan'ny vy ary na dia izao aza dia mbola misy e ! Vato eny anaty tany eny no raofina amin'ny sobika, ka rehefa raofina amin'ny sobika izy dia sasàna, sasàna dia miala daholo ny tany dia efa manjary vato, dia izy fotsiny izany no ao. Ka miala ny tany, ka rehefa nanao vy ny taloha ... hono, anefa fa tsy hitako akory ny nanaovany. Rehefa nanao vy, hoy izy, ny taloha, dia efa misy taforana ngezabe, taforana, ireny mbola hitantsika amin'ny mpanefy ireny ihany ka, tahaka an'ireny anona ireny ihany, dia angonina amin'ny lavaka be, misy lavaka vitany, efa rariandy vato, voarary be azon'ny anona dia io no fentiny afo *charbon* e ! Fenoiny *charbon* ny manodidina an'ilay anona io, dia ao am-povoany ao ilay vy izany no mipetraka, ka rehefa may ilay charbon ka mafana be ilay anona, dia miempo ny vy, dia ilay vy mitambatra mitokana, ilay taim-by mitsonika mandeha mankaty. Fa ilay vy mitambatra, dia esorina iny : raha vao mbola mifofotra izy aloha, mifofotra dia efa mitsonika mandeha aty ilay taim-by : dia io esorina mitokana ery, esoriny, esoriny ny taim-by, ilay vy izany rehefa mananona, tsy misaraka fa mikambane ao. Ka raha vy indray mandeha iny, tsy mihoatra angady anankiroa na telo no azony amin'iny, fa dia izay ihany no azony amin'iny, fa taim-by betsaka. Dia ireny no nahabe ny taim-by amin'ny hadivory rehetra rehetra ireny.

. Izany hoe ilay izy izany tsy taim-by hoe avy nanefena fiadiana, fa ireny mihitsy no nampiasaina ?

- Tsy misy fiadiananoforonina tamin'ny taim-by fa nakana vy mihitsy ireny, dia ireny no nampiasaina, nentina, nangoniny amin'ny hadivory ireny, nentina niandry ny ombin'Andriana. Vato koa no ankabeazany, ka pilotra tahaka ny lazainao ireny, hitanao ataon'ny Antandroy hoe pilotra ireny. Izany no ady tety, fa ny basy, ka basy inona no hisy, aiza no hahita bala any Antananarivo aza tsy ... Ny basy taloha, dia nahita tsara, fa angamba nahatratra ny ntaolotaolo, fa ny tamin'iny Andohalo, niakatra nankamin'iny anone iny anie, nony efa tonga ny vazaha, izany mba tafondro taloha izany, dia nataony fefy tamin'iny an'anona iny tsy misy antony akory e ! Izany Laborde izany no vazaha taloha teo Antananarivo teo, nampiasa teo, nampianatra ny

olona. Nalikain'ny Gasy, "I Laborde leity tsy misy inona" kango izy io
kay efa azony marika hatrany hatrany daholo ny/ahatongavan^h'ny namany eny,
ny nahatongavan'ny namany. Nony efa tonga ny namany, niteny izy hoe : "Ka
ialahy nanao an'i Laborde tsy ho vazaha ka !" Ka io no nahatongavan'ny
gasy hoe manao an'i Laborde tsy ho vazaha ialahy, izy no vazaha taloha te-
ny. Ka izany tafondro, izany taloha izany, hono vakin-tavoahangy, tapa-by,
dia voro-damba no asesika ao, vato paik'afy no atao. Zavatra efa fantany
daholo daholo ny lanjan'izay tafondro, ka izy no nanao azy ka. Empireheti-
na hono ny voro-damba, dia mirehitra hono ny voro-damba, dia vao izay vao
mahazo ilay, asa izay mba bala nataony fompotra tao, nampirehitra vanja,
nampirehitra tao dia, misy vanja ao e ! Dia io no mirehitra dia may ilay
anona, dia mba may ilay vanja, dia vao izay vao lasa ilay, miparitaka ilay
vy, vakin-tavoahangy mbamin'ny tapa-by ao ; ka mahalasa inona. Nony efa
tonga izy ka asiany hono, ka ery Ambohitsaina ery no namely izy, aty an-
tampon'Antananarivo, aty anatin'anona aty an-tanin'Andriana aty nc, ilay
Manambelona my ihira no nandeha teny, dia voa ao amin'ny lohany, any Maha-
masina no mipetraka ny lohany. Ka aiza sy aiza, nony efa anona vao niteny
izy hoe : "Ka ialahy hany nanao an'i Laborde tsy ho vazaha e !". Hay izy io
efa nampitaina, hitsapa ny toetran'i Madagasikara mihitsy, hijery an'i Ma-
dagasikara.

III

- Ary aza miteny, mitantara any amin'ny olona any an'anona any, fa raha
tahaka ilay ipetrahan'ny vadinao atsy izao, fianakavantsika ihany koa in-
dray, tsy olona hafa akory fa isika mianakavy ihany koa indray.
- . Ohatra ny tohizako ihany ilay tantara fa mbola misy zavatra tsy tena ma-
hafa-po ihany, mbola tiako ho fantatra, sao dia efa vizana anefa i dadabe ?
- Azavao izay tianao hazavaina ka !

. Dia izany hoe tamin'ireny hadivory sasany, ankoatra ny Ankafoibe sy Antamiana izany, dia tsy mba niandrasana omby izany ny sasany, raha ny fiheveman'i dadabe azy, araka ny tantara ?

- Ilay hadivory manko dia tahaka an'izao, tiako hazavaina tsara aminao : rehefa nipetraka ny mpiandry omby, satria mpiandry omby no nahazoana nitanina ny vahoaka teto : ny nahatonga azy hoe Voromahery. Ka rehefa nipetraka ny mpiandry omby, tsy maintsy nipetrahan'omby ireny misy olona mpiandry omby, ary nisy dekà hatrany hatrany ireny. Fa ilay dadantsika teto no solon' Andriana taty, ka izy, taloha manko, raha mamono oriby, na amin'ny tsena na misy fivoriam-be dia ny vodihena hatrany hatrany dia an'ny Andriana, dia Razafindralambo no maka ny vodihena hatrany hatrany na amin'ny tsena, fa nisy tsena natao hoe asabotsy tao ~~Antevamena~~ tao. Dia izy no mpaka ny hena teo, ny anjaran'ny Andriana, ny vodihenan'Andriana. Izy no solon'Andriana, mpaka ny vodihenan'Andriana, Razafindralambo. Ka nisy dekà nipetraka tompon'andraikitra hatrany hatrany ireny hadivory ireny, ka ny omby, tsy omby tokana tsinona ka hipetraka amin'ny hadivory tokana eo, fa misy ipetrahan'ny omby ireny no ankabeazany : fa tsy voatantaran'ny ray aman-dreny tamiko, hoy aho, ilay zavatra niandohana tamin'izany. Ka ny tanindrazantsika aza eo Andohalo, very vahoaka izao tsy misy hoe izao izao, fa dia ilay vadikelinly napetrany eo ambony atsinanana eo ihany no azo tantara hoe : eto ny rahalahiko. Izay tany aloha tsy noraharahn'ny taloha e ! Tsy noraharahn'ny taloha ilay tany. Fa raha tamin'izao toerana izao ve anaka no voatantaran'ny ray aman-dreny ireny Andohalo ireny, voazavany araka izany fa izay any amin'ny jeografia angaha no mety tsy ho fantatra ny niandohany. Dia nanana tany betsaka teo, ka teo Andohalo izy no nesorina ka dia, fa tsy noraharhiny nony nahazo ny efitra be aty. Ka taty izany vomanga, tany no nentina nambolena, tsy nisy hanina na inona fa nitondrana an'izany, tsy nisy vary taty, tsy nisy vary taty, tsy nisy mangahazo taty, tsy nisy inona, fa nitondrana an'izany niandohana, dia fakam-bomanga, vomanga madinika avy any Imerina no lolohavina amin'ny sobika, entina mankaty, dia iny no, ka ny tany taty malemy be sahala amin'ny inona ka raha vao apetrakay atsatoka ny vo-

manga, asaina, avadika dia atsatoka ny vomanga, dia maniry dia misy raviny alaina. Ary na izao, amin'izao fotoana izao aza anie, raha mamboly anona izahay aty, dia apetraka eny ny vodi-vomanga, Atsipy eny tahaka an'izao, amin'ny anona eny, amin'ny katsaka amin'ny zezika eny dia maniry iny dia mikatona he ilay raviny, dia iny indray no vokatra be nony, vokatra be mi-hitsy ny vomanga amin'izao fotoana izao. Ka tahaka an'izany izao, ny sakafo taty dia tsy nisy, mangahazo avy any avaratra no mangahazo maina entina tety, avy any Imerina izany. Ka raha noana dia noana aza hono, dia ampan-gan'amalona no asaina hohanina taty, nangotraka ihany aloha no nahazo azy, tsy zavatra moramora no nahazo azy taty, fa zava-tsarotra ihany, Ka na dia ny sakafo, ary ny vary anie aza vao haingana no nanaiky tahaka an'izao. Fa raha vary taty nasaisay be, tsy azo nohanina akory aza ilay vary fa masai-say be sahala amin'ny inona, fa mba niova araka ny fandehany, ny fandehan'ny tany izao ihany ilay toerana, ka dia nanjary nihatsara ny sakafo. Fa tsy azo nohanina mihitsy ny vary taloha fa nasaisay be, raha andrahoana atao sosoa izy dia vakivaky miendakendaka misy hodiny izany, ary mena be tsy laitra natao na inona na inona. Fa nony taty aoriana izao izy, niova dia izao hitanao izao no fandehan'ny hanina. Ka izany no toetran'ny tany taty aloha, ka raha ireny hadivory be nalaza maro sosona ireny, nisy zava-tr'Andriana nipetraka ireny, ombin'Andriana. Ka ahoana, ka ny ombin'Andriana nalefa tato Voromahery, ka clona iray ve no hiandry azy. Fa nony efa novoriana ny omby, efa tao aoriana amin'ny mahalalaka ny tany, nalefa tamini'ny nanaraka vava ala, ka ala daholo daholo taty ka, haolo no ankabeazan'ny omby, haolo no ankabeazan'ny omby. Dia izay no niafaran'Ingahy Razafimandimby, nametraka ny komandin'ny mpiandry omby ta y ka, haolo no ankabeazan'ny omby. Dia izay no niafaran'Ingahy Razafimandimby, nametraka ny komandin'ny mpiandry omby taty dia tsy fantattro, satria tsy voatantaran'ny ray aman-dreny fa fahorianana moa no nialana teto ka dia tsy nisy zavatra hec fifaliana na tahaka an'izany, ka itantarana ny tahaka an'izao ; fa fahorianana no nialana. Izahay mianakavy rehefa niala taty dia niverina nankany Ambatopaimborona, niverina nankany Ambatopaimborona izahay no nody re-hefa lasa ilay dadanay. Dia foana daholo aloha ny tany taty, ka zanak'ana-

baviny anankiray izay, ny vinantolahiny no nisy napetraka teto. Fa tany Ambatopaimborona izahay no nipetraka, dia ny andevo tao Ambatopaimborona, ka ny hanina tany izay tratra - ny andevo tao Ambatopaimborona nisy nahavita hanina bebe, dia ny tao no nohanina, novidiana e ! Mito-hary mankany Ambohimangakely, atsinanan'Antananarivo any no fivelomanava mianakavy tao, izay zavatra hoe tsy nisy izao intsony mandra-pahavokatra emin' ny taona iray iny. Ny mangahazo moa tany raha vao niasa dia volatra be, ary nisy zokiko atao hoe Rainitoandro sy Razafindramiandra izay, ne efa lehibe nananona, fa ny sasany izy, maro ihany izy no mirahalahy, kanefia nivezivezy nony efa lasa ilay dadanay. Lasa niakandrefana nankany Vakinankaratra# nianatsimo any Betsilec, dia izay roa lahy, izahay Rabelaza sy Razafindramiandra sy Rainitoandro no afaka nitondra anay nianavaratra, dia nody tany Ambatopaimborona izahay. Dia vao haingana indray anie, tsy atao hoe vao haingana no nahatafaverina ahy teto, fa tany Ambatopaimborona ahc no nipetraka. Ary vao naka an-dramatoa tany io, dia vavy anankiray, vavy matoa izay no zanakay roa vao, lazam-bola taty indray no nahatonga ny nidinana taty, nampiasa manjarano tamin'ity atsinanana ity ilay zokinay natao hoe Rabehaza izay. Dia izy no nanao manjarano, dia "E ! Misy vola ny manjarano" fa izaho tany efa nahavita, izahay mbamin' Itompokolahy Ingahy Rainisamy izany, niaraka tamin'ny dadabenareo, izany hoe Nasamuelina izany. Nifaninana niaraka, nanoatra izahay noho ny inona, tamin'ny fambolena tao, izy moa nanankarena koa. Kanefa ny manetsa fitoventy sy voamena sy lasiray no ikaraman'ny vehivavy anankiray tamin'ny andron' Ingahy Rainisamy teo Ambalabe, olona efapolo vavy no manetsa ilay valabeny anankiray ao izao, eo Ambalabe eo izany, ity andafy atsinanan'Antanetibe. Ka izany izao tsy notantarain'ilay rainao fa ... Ka izany no mahatonga ny hadivory, ary misy atao hoe Bemasoandro, ary avaratra, andafy atsinanan'i Vinany an'anona iry. Bemasoandro iny, Tec no nisy dekà nikarakara ny mpiandry omby tety koa anefa tsy fantatro intsony izy niandchan'izany dekà izany, na mpanao inona na mpanao inona, fa dia lehiben'ny mpiandry omby nanampy ny mpiandry omby. Ary andry omby no natao tety, ka tsy nisy

zavatra natao tsinona, fa andry omby. Andry omby no natao tety dia nony efa nandroso ny tanin'Andriana dia nampanao volamena. Nanatitra niray amin'ny Betsimisaraka tany ambany, dia teto indray nanao védivate, izany védivate, mpandray ny vary fotsy aterin'ny Betsimisaraka avy any. Vary irain-jehy izany hono no atao, haron-kely izany dia tapenana, dia hoe vary mangatsaka-tsaka ho an'ny Andriana. Dia kitay indray, aty indray koa aza no mitondra ho entina any Antananarivo, ho an'ny Andriana, aty indray no mitondra. Kitay alaina entin'ny rainay mandeha, dia io no miaraka avy aty na Betsimisaraka na inona mitondra ny vary fotsy, dia manatitra ny vary madio mangatsakatsaka ho an'ny Andriana any Antananarivo. Dia volamena izany no asa tety.

. Tao aorian'ilay fiandrasana omby izany, dia io volamena io, mbola ny Andriana ihany koa no nampanao an'ic ?

- Ny Andriana tao Antananarivo no nampanao azy, dia izy no nampikaroka volamena dia efa nisy kamadaoro mpampiassa volamena taty dia nisy tobitoby, an-dasin-dRainizanoa, dia an-dasin-dRatafika, dia an-dasin-dRanona, dia ilay dadantsika tec ; Razafindralambo ihany indray no lehiben'ny mpandanja volamena, manatitra mankany Antananarivo izany, Ka tsy fantatro akory izany akotry iray, erin'ambatry, izany no taloha tamin'izany hoe akotry iray na akotry roa, na herin'ambatry izany, izany zavatra tsy fantatra ka. Vela nototororoina tamin'izany no niasan'ny taloha ka volamena koa nony efa anona, fanampin'ny mpiandry ombin'Andriana taty, nanao volamenna tamin'iny, nana-raka ny vava ala rehetra rehetra iny. Dia nahazo volamena, nanao izany koa no asa nataon'ny Andriana tamin'ny tany rehetra taty, nanangona volamena. Tokony voalaza aza dia mbola misy volamenan'i Madagasikara, asa ny tanta-ran-dry zareo any, any amin-dry zareo Angletera, misy volamena asa moa na nisy firy taonina na firy taonina no volamenantsika any amin'ny Angletera.

. Fa io fiambenana ombin'Andriana io izany dia naharitra hatramin'ny hahatongavan'ny Vazaha sa taloha io dia efa rava ?

- Tsy naharitra tamin'ny nahatongavan'ny vazaha. Tao antenantenany tao dia efa nisy nihataka nihataka ilay fiandrasana ombin'Andriana, ka nony efa la-

sa haolo ilay ombin'Andriana, nony efa anona. Lasa haolo ny ombin'Andriana, ka nony efa lasa haolo ny ombin'Andriana ka izany Razafimandimby izany no andriana lehibe niaraka tamin'ny rainay taty, avy any Antananarivo iraka avy any Antananarivo, nitsirika isam-bolana aty, asa na isan-droa volana, na isan-telo volana. Dia mitsirika aty Razafimandimby, dia rehefa be avy hitsangatsangana aty Tsinjoarivo ny Andriana dia izy no manome baike hoe, ho avy ny Andriamanjaka, ka dia mitondra ny omby. Ka ny omby mora tarena efa miaraka, misy mpiandry omby hatrany hatrany ka. Ka raha lazaina hoe tsy misy mpiandry omby ireny hadivory ireny, mandainga raha nitantara an'izany. Fa nisy mpiandry omby daholo ireny hadivory ireny, ary nisy dekà dekà, izany hatrany hatrany, niasa, manendry ny olona mpamory omby hoe "Jereo ny omby, na tahaka an'izao !". Ka efa nony taty aoriana haolo ny omby nianatsimo, ni-anatsimo ihany no fandehan'ny omby. Iny vava ala ka iny anie vao haingan-kely no nisy olona iny andafy atsinanan'ny ala iny e ! Fa ity andafy andrefana ity ihany, ary ny ombinay tety aza raha tamin'ny taloha tao, ampitaina fotsiny amin'iny andafy atsinanana iny dia any ; tsy misy mpiandry, tsy misy mpaninana, Tsy anaty ala akory, fa mihinana amin'ny vava ala rehetra rehetra iny nony efa anona, fa efa lasa, matin'ny taloha daholo ny ala, dia nony izahay nandimby taty dia amin'iny ny ombinay no mihinana. Ary izany tamin'ny androko teto izany aza, dia mbola tsy nisy olona tamin'ny efitra iny fa manjarano no natao teny, tobitoby izany, dia volamena koa no nataondry zareo teo Ifandra, natao hoe Ifandra, misy tobin'ny mpanao volamena. Raboanamaro izay koa no mpanao volamena lehibe teo, dia nanao tany atsinanan' Ifandra rehetra any, dia efitra be iny fa tsy misy anona, dia tety amin'ny mponina tety indray no nanjary mpanati-kanina, fa namelona tsena be izy, teo amin'ny volamena teo Ifandra teo, tsena be teo, Dia ny tety indray no mpanati-kanina hovidian'ny mpiasa volamena tao, fa vahoaka hany tamin'ny anaty ala iny, nanao volamena nony efa taorian'ny fiandrasana omby e ! Volamena indray no natao. Izany no fandehan'ny tantara tety, dia manjarano, manjarano dia izay tratra.

. Vao haingana izany no nanaovana manjarano izany ?

- Vao haingan-kely.

. Vao tamin'ny andron'ny vazaha izany ?

- Andron'ny vazaha.

. Izany hoe naharitra hafiriana izany dadabe no niverina tany Ambatopaim-borona, vao nankaty indray ? Folo taona sa ... ?

- Naharitra ihany izahay tao aloha, mandra-pahatongan'ilay dadanay avy any an-dafy, dia rehefa tonga ilay dadanay avy any andafy dia izaho indray no mbola nipetraka. Izaho hany ka nipetraka, nanantena fambolena tao mihitsy, ka ny zavatra nataoko tao aza, tamin'ny zavatra tsy nisy antony akory, ny kisoa tamin'izany, izany kisoa atao hoe vola folo izany, izay kisoa fito arivo, vale arivo no vola folo, ka ariary roa sy loso, izany no vidin'ny kisoa anankiray. Ireny omby lehibe ireny, ariary enina, roa ambin'ny folo, ka misy antony inona, tamin'izany izay nanana vola atao hoe ariary zato, ny mpanjaka, mpanakarem-be ry zareo, fa misy vola tahaka an'izany. Tsy henonao ve izany tantaran'ny dadaben'ny dadaben'ny ... Dadan-dRasamy teo izany hoe, mpanankarena teny Ingahy Rasamoelina, lasiray sy fitoventy sy voamena ny vehivavy anankiray, indray andro. Izany fitoventy sy voamena izany, raha amidy hena eny an-tsena, anefa angamba ianareo nahatratra ilay vola vy, vola loaka ireny, tokony ho fantatrareo ihany angamba ilay fitoventy sy voamena tamin'ireny, vola anankiray kely, vola loaka izay, izay no fitoventy sy voamena. Ka ilay fitoventy sy voamena moa inona fa tsy, dimy varifitoventy no fitoventy sy voamena. Ny varifitoventy koa aza tsy hitanareo velively akory, dimy varifitoventy no fitoventy sy voamena, ary rehefa dimy lavoamena, dia rehefa mitambatra varifitoventy roa dia nataony hoe lavoamena. Dia ny dimy lavoamena tamin'izay dia izay no lasiroa, ka antsasaky ny lasiroa, ka lasiroa ny vehivavy roa manetsa indray andro, an'ny dadabenareo tao Ambalabe iny izany, an'ny dadan'ny dadabenareo, fa ny dadabenareo Rasamoelina, fa an-dRainisamy vadim-dRasitera izany, zanak'i Rainimavo ao Antanetibe io.

. Ary hono hoy aho, iza no, tokony naharitra hafiriana moa izany hoe, toko-

ny naharitra hafiriana izany izay i dadabe no nandeha tany vao taty indray ? Naharitra amam-polo taonany. Tany Ambatopaimborona ?

- Tany Ambatopaimborona ve ? Efa am-polo taonany mahery aho vao niverina nankaty ka ! vao tafaverina nankaty, tamin'ny andron'ny efa fanjakana frantsay nafana be izao vao niverina nankaty aho. Efa nampiasa manjarano Dokotera Andrianjafy izay teo Ambohijatovo, Antananarivo teo, niasa teo, dia ilay zokinay Rabehaza no niditra Ankamadaoro tamin'ny nampiasa manjarano taty Antsalalava taty. Dia izay vao niditra ny kaompania be nampiasa an'iny Befotaka rehetra rehetra iny.

. Ary iza re no taloha, satria efa nanonona ilay raibenay, Rainimavo ihany i dadabe teo, iza re no taloha Ramiandrasoa sa Rainimavo ?

- Izany indray zavatra tsy fantattro, ka izaho tsy nahatratra an'i, Ramiandrasoa aza anie dia tsy tratrako akory e ! Tsy nahatratra ny nahafatesany fa maty tamin'ny andro malagasy, Rainimavo koa maty tamin'ny andro malagasy. Fa lazany daholo daholo ireo, tantara ireo nahenoana ireo. Ka Ingahy Rasamoelina anie no nandimby an-dRainimavo teo Antanetibe teo, ka nahagaga zhy no tsy nilazan'ny dadanareo azy ; tsy nisy mpandimby teto Antanetibe, hafa-tsy Ingahy Rasamoelina. Ary izahay no niara-belona teo, nanao ny famadihana an-dRainimavo teo, na misy maty dia izahay no miara-mandevina amin'Ambatopaimborona sy Ambalabe, sy ireo anona ireo ; olona iray fileovana teo. Izahay dia nidonan-javatra betsaka : nidona ny tamin'ny andron'ny M.D.R.M., nahavoa anay, nidona tamin'ny andron'ny Menalamba nahavoa anay. Izay zavatra nidona rehetra rehetra nahavca an'i dadanay sy ny taranakay daholo daholo.

. Dia hiverina kely amin'ny tantarantsika ihany aho, fa mbola tohizako ihany aho, fa mbola tohizako ihany ilay resaka hadivory teo : dia mba choana indray ary ny fomba nanaovan'ireo ray aman-dreny ireo ilay hadivory, raha araka ny fitantarany ? Ahoana no fomba nandavahany azy ? Nafana be ve ny nandavahany azy, sa moramora ihany ?

- Ny hadivory indray dia izao, ny nitantara, tsy nitantara an'izany izy fa izao no azo ahalalana azy avy hatrany, tahaka an'ity anay Ankafoe ity dia

maro ny vahoaka ary ny "ankizy" betsaka, ny andevo izany no natao izany, no hoe ankizy, ary mbola aty aza ny hoe tanin'andevonay, nametrahana andevo, Ka miasa andro aman'alina ireo amin'izay zavatra atao, ampiasain'ny tempomby azy.

. Izany hoe ireo vahoaka nanaraka ilay tendrin'Andriana nankaty ireo izany nisy andevo ireo vahoaka ?

- Nanana andevo nandeha koa isika taloha, nanana andevo hoe misy folo, misy valo nanaraka azy taty, ary ireo mpiandry omby ireo, ireo olona nitsoa-ponenana ireo efa nanampy rahateo. Ny nahavitana ireny zavatra rehetra rehetra ireny, dia hoe ny olona mpanampy nitsoa-ponenana no nahavita azy, tsy ireny fa ny andevo. Ka misy rano any an'anona any, rano velona, loharano izany, tahaka ny saha iny misy loharano dia kamorianta, ataony kamory be dia iny notatarana hatrany hatrany : dia manao tsangan'ny andevo no raharahany amin'ny anona iny. Tsy manao hafa tsy iny aloha mandrapahavitan'ny hadivory, izay no nahavitana an'ireny.

. efa nanana angady ve izy nanaovana an'ireny sa hazo no nampiasainy.

- Angady, dia misy koa izany angady hazo natao sairatsy no nataony anarany, sarairatsy hoe mantsy ilay angady, angady hazo tahaka ny lapelina izay. Ary mafy ihany koa izany, atao hoe sairatsy. Rehefa voatsolony amin'ilay, raha ny hazo ihany aza ranitina, voatsolony amin'ny dia mandeha ny rane dia ahiliny amin'ilay sairatsy hatrany hatrany dia lasa. Ary ny angady moa efa nisy rahateo ihany koa, nentina nanaovana ny asam-pivelomana hatrany hatrany. Nomen'ny Andriana angady aza ny tendry tamin'izany ka dia ...

. Fa ny andevo izany no nanao ny hadivory raha izany, nandavaka azy ?

- Andevon-drazana taloha no nanac ny hadivory. Mahamenatra anefa ny milaza ny tantaran'ireny andevo ireny.

. Ary efa niresaka ilay hadivory ihany moa isika, ka mba manao ahoana indray ny amin'ny tamboho, ireny ilay tamboho ntaolo ohatra ny any avaratra ireny ? Inona moa ny antony tsy nisiany taty ? Misy antony ve sa dia tsy nanao fotsiny ny olona ?

- Dia mety tsy ho fantatro io, kanefa amin'ny fandidinihiko sy ny eritreritro izy, raha mandinika sy mamakafaka aho dia toy izao no tsy nanaovana ny tamboho. Nanana an'ireny hadivory ireny, atao fiadiana izy, ka tsy nanao tamboho intsony, fa solon'ny tamboho ny hadivory. Fa ilay tamboho any avaratra ireny anie, tamboho fiadiana ireny, fa tsy natao tamboho tamboho fotsiny, fa ny tamboho hitanao fa nataony avo be anona dia tavoahangy no ataony amin'iny, zava-maranitra no ataony amin'ny tampon'ny tamboho iny. Ka natao varavarantokana, ka raha tafiditra aza ny "dahalo" dia rehefa miady an-trano, maty dia maty moa, velona dia velona. Ka izy iray tanana ao tsy olona anankiray fa misy trano dimy. trano enina no ao, trano folo aza no iray tanana ao izy amin'ireny tamboho be ireny. Ka rehefa tafiditra ao dia miady izy, ka ny nahatonga ny taty, tsy nanao ny tamboho tamin'ireny hadivory ireny, efa nataony fiadiana io. Fa ilay tamboho tany avaratra, fiadiana ireny, hitanao ery amin'ny tany marim-be ery no nasiandy tamboho, amin'ny tendrombohitra tokony tsy azon'ny anona iny nataony tamboho, ka fiadiana ireny tamboho amin'ny vinany. Ka na dia tsy hilaza ny tantaran'ireny, nanaovana ny hadivory sy ny tamboho aza aho dia azo avy hatrany ny vinan'ireny fa fiadiana no nanaovana an'ireny.

. Ary miverina amin'ilay anona ary aho, niverina amin'ilay toetoetry ny tany tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo ray aman-dreny sy razantsika avy any avaratra. Nanao ahoana hono ny fitantarany ny toetry ny tany ; izany hoe mbola tsy nisy olona mihitsy taty izany, fa vao namaky lay mihitsy ireo ray amandreny ireo ? Ary nanao ahoana ny ala, mbola nisy ala ve tety tamin'izany, sa dia efa ohatr'izao hita amin'izao fotoana izao no tety ?

- Ny toetry ny tany aloha, dia tsy nisy olona novantanina tety na dia anankiray aza, fa dia izy mihitsy no vao namaky lay ity tany ity, ary hitanao izany tantaran'ny maha-Voromahery azy io. Ka rehefa nipetraka tety izy, dia izany voalazantsika izany hoe, ity rano ity dia izany no efa notantaraiko aminao izany, nifandray ny hazo tety sy tery. Fa rehefa be ny mponina, nidiitra nuditra ihany ny vahoaka, dia maty niamaty ary na dia anatin'ny saha, tamin'ny morony ity mbola hazo daholo daholo tamin'ny nahatongavanay e ! Ka

maty nony efa nandroso ny mponina, tavasin'ny olona amin'ilay fanirianay ny hanina amin'ilay misy ny hazo, fa hafa ilay voly maniry anatin'ny hazo. Raha vao dorana izy ka volen-kanina dia hafa mihitsy ilay amin'iny, ka tavarasin'ny olona hatrany hatrany. Ary izany no mahatonga saro-piaro ny zanaky ny olona hatrany hatrany. Ary izany no mahatonga saro-piaro ny zanaky ny olona ankehitriny, mahatonga izany iarovana azy izany, tsy misy intsony ny hiafarana. Ka na anaovan-trano na ny lakana itâna, satria ity tsy azo itâna raha tsy lakana, rehefa tonga ny fahavaratra ; na iza milaza hoe izao izao, tsy tafita amin'iny. Ny eny andafy atsinanana dia eny, ny ety andafy andrefana dia aty, fa hoe any Vohimanombo hono misy lakana e ! Any Ambcdirano no misy lakana e ! Any an'anona no misy lakana, izay no azo vonjena, fa raha tsy izany tsy tafita. Ka saro-piaro ny olona amin'izao fotoana izao satria tsy tafita raha tsy ao ny lakana. Ka maty kapaina, tavasin'ny olona, dia nahita tsara ianao izac, fa angamba mbola nahatratra ala mirehitra ianao amin'iny anona iny aza, tamin'ny nahatongavanareo taty. Fa dia rarâna ny ala tsy ho dorana intsony, fa tamin'ny andro malagasy, tamin'ny nahatongavan'ny dadabentsika taty, dia hazo mikatona iny rano iny. Azo atao hoe, azo nodikaina. - miatsinanana sy miakandrefana mihitsy e ! Fa ny volamena, ity kosa nahavoa ny morona nanitatra be azy chatra an'iny. Iny rano iny nisy volamena, dia nony efa tonga ny andron'ny fanjanahan-tany, dia ny volamena no namasinina, ka na dia ny fiainana, atao hoe ny foto-piveloman'ny vahoaka, ny tanimbary, ny tahaka an'izany aza, dia tsy noraharahin-dry zareo, nitondra tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany. Malagasy anefa izany no solom-bazaha amin'izany, dia tsy ho noraharahiny mihitsy fa hitanao lava-bolamena be eny an'anona eny ireny, tanimbary ireny. Itony toho-dranontsika eto an-tampony, eto andafy andrefana atao hoe Andriana ity, tanimbary daholo no tany ambony any fa novonoiny, niasany volamena ka mba hendry ihany ny mponina, ka poa toy izay no namoncany ilay volamena, dia tsy nahavanona izy. Azon'ny olona rehetra novonoina, koahany ny volamena e ! Misy zavatra ataony dia lotoiny ny zavatra ipetrahan'ny volamena, dia tsy mahita volamena eo ilay mpiasa volamena io, na dia kely aza, dia foana, kanefa dia efa novakian-dry zareo. Novakian'ilay Raboanarijesa aza anie ny toho-dranontsika, barrage-n-drano eto

kanefa vato vita nanahary tsotra izao ka novakiany. Dia io manahirana ny eto aminay, nanotanian-dry zareo teto ireny hoe: "Vita ve ny lakan-dranon'i dadabe?", anakaramako azy hono ny hanao azy.

. Fa dia alabe izany tety taloha ?

- Ala be. Ity rehetra ity, izany voalazako aminao hoe, tsy nisy hanina fa hanina tany Imerina daholo daholo no rentina taty ? Ny vomanga nambolena tany, ny katsaka nambolena avy any, ny vary nambolena avy any, izay zavatra rehetra rehetra na inona na inona dia avy any daholo daholo e ! Fa tany fo-tsiny no nametrahan'ny Andriana azy taty.

. Ary izany hoe saonjo masombika izany ve tsy mba henon'i dada hoe misy an' izany taty ?

- Tsy hitako, ka na dia amin'izao aza tsy misy izany saonjo masombika iza-ny aty.

. Dia ny anontaniako an'i dadabe manaraka indray, dia ny nihavian'ireny ana-rana ireny, ilay hoe hadivorin-dRabefitery moa dia efa voalazan'i dadabe ihany iny, fa ny niandohan'ny Ankafoibe ohatra, ahoana no mba nahatonga ny anaran'io hadivory vitin'ny razantsika io hoe Ankafoibe ?

- Ny maha-Ankafoibe azy ? Ny maha-Ankafoibe an'iny kosa indray dia izao : mbo-la efitra be, araka izany voalazantsika hoe ala no tety, Ary izy nifandray tamin'ny Andriana, efa voalazako anao hoa, Andrianan'i Betsileo sy ny anona nifanaraka taminy teto. Ka ny Andrianan'ny Betsileo, tsy mba nanana zavatra nifanaraka taminy ary tsy nanana zavatra natao afa-tsy mametraka tohatra tamin'iny ala rehetra rehetra iny. Ka rehefa tonga ilay manamory hoe, mandra-va ilay tohatra izy, dia mifandray amin-drangahy teto. Ny andriana avy any atsimo, ka hatramin'izao dia mbola tsy rava izany, mbola miray amintsika aty, izany Andrianan'Ambohimanarivo sy ny anona, ka izy no mpandrava tantely tamin'iny, dia rehefa feno ny tantely fa betsaka fa efa mitondra borizano be hatrany izy, dia mandeha mankaty ka eo no itoerana. Dia milalao eo, dia io tany io atao hoe Ankafoibe io. Dia mbola misy saha kely indray, atao hoe Antsahanandriana eo, filalaovan'izy Andrianan'i Betsileo rehetra rehetra, dia

"Omeo angady izahay, omeo tahaka an'izao izahay", dia nanarina tanimbary kely teny izy, dia nanao anona teny, dia nomena anarana hoe Antsahanandriana ny sampany kely eo. Ary rehefa hifehy entana izy fa handeha hody ka hitondra ny tantely, dia manontany ny anarany hoe : "aiza no hahita kofehy hifehezana ny tantely, dia manontany hoe, eo ny hafotra no betsaka". Akana hafotra io tany io, fa ny ala mbola betsaka dia hoe "eo Ankafoibe" dia nanjary Ankafoibe io. Izany no naха-Ankafoibe an'Ankafoibe io, ilay hafotra fakana hafotra ifehezana tantely rehefa avy manaramy, mandrava tantely ny Andriana avy any atsimo. Mitondra borizano betsaka izy dia eo, dia ilay filalaovany natao hoe Antsahanandriana, tsy nisy anarany intsony fa dia Ankafoibe daholo daholo iny mankeo iny.

- . Fa andrianan'ny Betsileo taiza moa izany ? Tato Fisakana ve sa ?
- Andrianan'ny Betsileo taty Fandriana, taty Fisakana atsimo.
- . Dia nisy fifandraisana tsara tamin'ny taty ?
- Dia nifandray tanteraka, dia nahatonga antsika mianakavy, hoe mbola any Betsileo izao ny ankabeazany, isika mianakavy dia mbola any Ambohimahasoa, any Amboditanjona, ka dia tsy mifankahalala intsony izany, izany no nahatonga an'io tany io hoe Ankafoibe.
- . Ary ny nahatonga an'Antamiana indray ary, mba nisy niandohany ve sa ?
- Antamiana indray nisy niandohany, anarany ihany koa no mahatonga tahak' izany. Ny mahatonga an'Antamiana, dia efa malaza loatra ny ombin'Andriana nipetraka, ary izany voalazako hoe misy atao hoe Ampahibe ao, ka rehefa tonga ny mpangalatra, ny fahavalo nanaovana an'itony hadivory itony hoe Kokambo, kokambo itony dia tonga ny mpangalatra dia eo ihany no tamiany isaky ny anona, ilay omby betsaka teo ihany, fa teo ny omby matavy no napetraka, ny ombin'Andriana tahaka an'izany, dia tamiany isaky ny angalariny moa, dia ny fitenenan'ny aty sy ny anona no atao hoe tamiana, tamiana eo ihany. Ka isaky ny, na iray volana na roa volana, isaky ny tonga eo izy dia eo ihany no mivantana, tonga dia eo ihany no mivantana, dia "aiza?", dia velona ny hoe "Antamiana". "Ao ihany izany leity, fa maninona ny any an'anona tsy misy mpangalatra, fa ny ao ihany, angaha ny ao no namoaka azy?", dia na-

taony hoe "Tamiana" io. Tamian'ny mpangalatra isaky ny mananona ny ombin' Andriana dia Tamiana.

. Ary mianavaratra indray ary isika, ohatra hoe, Ankadivorin'i Mahatsinjo izao ilay ato avaratra kely ato ; inona indray no nahatonga an'io ? Mahatsinjo izany ve anaran'olona ? Sa inona no nahatongavany hoe Mahatsinjo ?

- Ny Mahatsinjo indray dia efa tokony azo vinany avy hatrany raha vao alaina an'eritriteritra aza. Tendrombohitra kely izy io, mifankatazana amin'ny an'Ingahy Tsifosaina eo andafy atsinanana. Ka dia mahatsinjo ka dia raha vao misy kioka avy aty, dia eo no avo indrindra amin'ny anona, mahatsinjo ilay hadivory atsimo, mahatsinjo ilay ary avaratra, dia io no miantso voalohany hoe "vonjeo fa misy fahavaloo", na i Tamiana, mahatonga an'i Tamiana io. Tamiana ihany hany no tena notamian-dry zareo amin'ilay ombin'Andriana. Dia io no nahatonga tahaka an'izany hoe "vonjeo fa misy fahavaloo, tonga indray ny mpangalatra, tonga indray ! "Menalamba manko no anarany, "Tonga ny Menalamba hoy ny any an'anona, dia vonjeo, vonjeo, vonjeo ! ". Dia io no nahatonga an'io Mahatsinjo io. Avo izy natao anona, ka dia io no avo fiantsoana mialoha indrindra hoe, raha vao miantso ny avy eto Ankafoibe miantso ny avy eto Antamiana, dia io no mahatsinjo ny avy ao atsimo sy ny avy ao avaratra, dia io no nanaovana azy hoe Mahatsinjo.

. Ary io ilay hadivory anankiray am-pita atsinanana, atsinanan'io rano io, atsinanan'i Mahatsinjo, inona indray no anaran'io raha fantatr'i dada, misy anarany io ?

- Io tsy misy anarany fa dia hadivorin'Ingahy Tsifosaina fotsiny, dia hadivorin'Ingahy Tsifosaina.

. Ary iza io Ingahy Tsifosaina io ? Tsy fantatra io na iza na iza ?

- Ingahy Tsifosaina dia olona avy any Imerina ihany koa, izao, avy ery ankilan'i Tsiafahy no nihaviany ka !

. Ka inona no nataony taty ? Isan'ireo ilay fitopolo lahy am-bava basy ?

- Isan'ireo olona nandeha taty amin-dRangahy taty tamin'ny fitopolo am-

bava basy ihany ireo, angamba ho dekà, lehibe teo izy, fa izy no lehibe, nanjary dadaben'ilay olona nanatitra anao teto omaly itony (Rakotonjana-hary Ankadivory), Ingahy Tsifosaina, anadahin-dreniben-dry zareo ireny. . Iry anona moa efa vitantsika ihany iny, ilay hoe Ankadivorin-dRabefiterena ?

- Tsy anaran'olona io fa anaran'ny famoriana ombin'Andriana ho terena io.

. Dia ilay dadabentsika, Razafindralambo ihany no nitery ny omby teo ? Famoriana omby, dia misy anankiroa koa eo avarany eo, misy anarany koa ve ireo dada ? Misy eo an-tampon-tendrombohitra be io ny anankiray eo avara-tra kelin'ilay ankadivorin-dRabefiterena mihitsy ?

- Dia ireny hadivory nonenan'ny olona fotsiny tamin'ny, tsy misy anarany ireny, fa hadivory nipetrapetrahana mandra-paka, ahazoana efitra, mijery toerana, fa ny ntaolo dia adalan'io hadivory hadivory manko izy ireny, fa raha vao nipetraka izy dia manao hadivory, mipetraka dia manao hady, taha-ka ny fefy io. Ka misy roa tonta izy eo, tsy misy anarany ireny fa hadivo-ry fotsiny. Angamba hitanao tsara ilay hadivory eto ambony atsimo, avara-tr'Ankadivory, dia manjary voafehin'ny hadivorin'i Befiterena daholo man-koo iny kiboribory be iny e ! Dia misy koa ao ambany avaratra ao, hadivory anankiray koa, fa ny anarany tsy misy fa dia Ankadivory fotsiny voafefin' Ambohipolo, anona iry. Dia voafehin'ny Ambohipolo iny daholo ny mianava-ratra mankany, ny niatsinanana dia voafehin'i Vohimanombo.

. Ambohipolo izao, ilay atsinanan'i Belanitra, atsinanana akaikin'ilay hoe Ambatomitsangana ?

- Dia mifanila aminy, tendrombohitra anankiray ihany anie Ambatomitsangana sy izy e !

. Dia misy anankiray, ety ambany somary atsimo (andrefany), somary atsimo atsinanana e ! Manamorona ny reniranon'i Sahatorendrika ; nataon-dry zareo hoe hadivorin'Ingahy Maro, izany ve no tena anarany sa ... ?

- Izany hadivorin'Ingahy Maro izany koa aza tsy hitako, tsy fantatro izany.

Aiza ho aiza re izany hadivory izany.

. Am-pita andrefan'ny rano izy, fa manamorona an'i Sahatorendrika mihitsy izy, eo am-pitan'i Vohimanombo, am-pita andrefan'i Vohimanombo.

- Hay aty atsinanana aty izany tsy fantatro, anaran'olona itoeran'olona fotsiny izany ; dia kilasin'olona nanaraka tety, nitsoa-ponenana, nanaraka antsika tety ihany izany.

. Dia somary niverina kely aty atsimo atsinanana aho : eo amin'ilay hoe Mandritsara, Mandritsara io koa ve anaran'olona koa sa inona io ? Hoe Ankadivorin'i Mandritsara, eo atsimon'i Vohimanombo, ery an-tampon-tendrom-bohitra be izy eo ?

- Izany aza tsy fantatro akory izany Ankadivorin'i Mandritsara izany.

. Ary Vohimanombo ary, inona indray no nihavian'i Vohimanombo, fa iny an-gamba izao no malazalaza ?

- Vohimanombo izao no malaza, nefä Vohimanombo anie tsy misy hafa amin'i Tamiana sy ananona ihany e !

. Fa tsy misy nihavian'ilay anarana ?

- Tsy misy nihavian'ilay anarana, fa dia Vohimanombo, dia tahaka ny ... rehefa fomban'ny vahoaka fa voantson'ny kiokambo avy atsy, satria mifandray amin'ity Mahatsinjo ity ihany, dia teo ny vahoaka maro dia velona, teo no nihaona ny olona. Eo no mihaona vao mandeha mamonjy, eo no mihaona vao mandeha mamonjy, dia velona teo ny anarana hoe Vohimanombo. Raha vao velona ny kiokambo tety, dia velona ny, izy rchetra mananona, dia eo daholo daholo aloha no mihaona e ! Dia misy hadivory be io, ilay nitoeran'ny olona dia io no nahatonga ilay anarany ho Vohimanombo, fihaonam-ben'ny olona amin'ny anona io. Izany fotsiny, fa ireny tsy olona no nipetraka tamin'ireny, dia mpiandry omby daholo daholo.

. Dia ny teny Ambohipolo, inona no hita fa nihavian'io anarana io indray ary ?

- Ambohipolo io anie dia efa hitanao tantara, fa fitopolo am-bava basy nisaraka, napetraka mpiandry tany tamin'ny ...
- . Fa ahoana no nanaovana azy hoe folo, folo lahy no teo sa ahoana ?
- Izay olona napetraka, ka zavatra tsy tratra taloha daholo daholo. Tsy nisy tantara hoe teo no nametrahana an'i anona, na teo no nametrahana ny folo lahy, na teroa no nametrahany ny anona, fa dia samy toerana, dia Ambohipolo. Fa ny olona rehetra izay nanaraka tato, ka tafiditra tato Voromahery, dia ireto no narahiny. Niandry ombin'Andriana tato daholo daholo nony niala tany. Fa rehefa niala tsy azo naverina fa izay tsy tafiditra ho mpiandry ombin'Andriana dia tsy azo azonina fa lasa daholo daholo. Narahin'ity ilay avy any Antananarivo anie ny olona, nony efa tonga taty e ! Nalaina tsirairay : "Aiza Ranona fa nankaty ? Aiza Ranona fa nankaty ?" Fa izay tsy tafiditra mpiandry ombin'Andriana dia mbola azo nentina, fa narovan'ny teto, hahabe voa ny tany teto hoe : izay tafiditra ato dia mpiandry ombin'Andriana dia tsy nisy anona, dia velona ny hoe - "Tafiditra any Voromahery ka tsy misy azo nalaina !". Ny Voromahery ity, dia natsangana ary ny tsangambaton'Andriana, nanangonana ny vahoaka, nanaovana an'io hoe Tokomaro ao io dia namono omby tao ny Andriana, nitsofan-drano an'i Voromahery sy Vakinankaratra.
- . Ary ny nihavian'i Vinany mba fantatr'i dadabe ?
- Tsy azoko vinany, ka ireny Vinany ka !
- . Ary Belanitra, satria toa misy Ankadivory koa eo ?
- Io ankadivorin'i Belanitra io dia mety tsy ho fantatra io, fa io renivohitra taloha. Izy aza no nisy dekà lehibe teo niaraka tamin'i dadanay, izany Rainihanja Zakarianana izany, izy no namorona ny toerana teo Belanitra, ary izy no mahay taratasy, izany voalazako hoe ; izy no nandefana an'i dadanay nosanborina izany e ! Ka tsy fantatro ny nahatonga azy ho Belanitra, na inona ni inona, tahaka an'ity Ambohitompoina ity nanko, tsy fantatro tantara ireny, fa iny tendrombohitra iny no natao Ambohitompoina.
- . Fa angamba niaraka tamin'itony hadivory hafa ?

- Niaraka tamin'itony daholo daholo ihany ireo rehetra rehetra ireo, raha nankato Voromahery aloha e ! Napetraky ny anona taloha ihany, ireny rehetra rehetra ireny.

. Fa teo Belanitra moa, avy eo no nitifirany an'ilay vazaha ?

- Tao no nitifirany an'ilay vazaha, nahafatesany an'ilay vazaha.

. Avy eo an-tampony eo izany ? Avy eo an-tampon'Ankadivory eo ?

- Tsy eto antampon'Ankadivory, fa amin'ireo tanana lemaka be ireo indrina, ka nidina teo, ka olona mandady no mitifitra ka : Olona, zavatra vaza-hanojokoina tsotra izao. Nisosososo niakatra hankec amin'ny tanana eo, dia izy efa mipetraka miandry eo. Efa misy mpanara-maso hatrany hatrany hoe : "Ireny fa mandeha any ! Ireny fa mandeha any ! Ka izy, ny mpijery efa, tahaka an'izany ataontsika hoe Mahatsinjo, an'anona, dia efa, ery misy tily, etsy misy tily. Ka rehefa manofa lamba ny ery dia efa mankaty ny anona, manofa lamba ny etsy dia efa mankaty ny anona. Ary ilay dadanay izany, efa izy no mpitam-basy eo, miandry ilay anona eo. Ka ilay vazaha nanantena hoe efa tsy misy anona intsony, ilay Senegaly rehetra rehetra, ka Senegaly toy inona hono izany nentiny izany. Mandeha betsaka fa izy misosososo, vazaha roa lahy monja koa. Nasian'ilay rangahy iry, ka maty ... Ka izay vao nihodina niverina izy aloha, nihodina niverina ka izy nihodina niverina iny, hay tsy hihodina hiverina izy fa hanemitra an'ity tanana eto ity. Ka ilay tanana, raha vao tazan'ny avy ery dia niala ny teto dia niridana nandositra izy. Nitifitra amin'iny tanimbary rehetra iny fa tsy nahavoa ny clona e !

. Ary inona indray no mba fadin-drazantsika, tadidin'i dadabe : hoe biby tsy azo hanina, na zavatra tsy azo atao, sahala amin'izany ? Misy tadidin'i dadabe ve ?

- Ny tantaran'izany, fantattro dia fantattro, kanefa misy ny sasany ihany. Ny tena fadin-drazantsika, dia ny osy, fady mihitsy izany hatramin'ny razana-reo rehetra rehetra eo, fa tsy hoe ny ahy ihany. Ny osy dia fadin-drazantsika : omby bory dia fadin-drazantsika, sorohitra, izay ihany, ireo zavatra telo ireo.

. Ary ny lambo tsy mba fadin-drazantsika ?

- E ! Ny lambo sakafo ka !

. Ohatra ny kisoa ihany io ?

- Ny kisoa aloha io tamin'ny andron-drakelimalaza tamin'ny andron'ny Andriana taloha, dia ny Rakelimalaza izany no nifadiana ny kisoa ; fa tsy isika, tsy mifady an'ic. Ka izy olona mitondra tafika, ka hifady an'izany ve, fa ny zavatra fady dia ny osy, dia ny omby bory, dia ny sorohitra ; ireo zavatra telo ireo. Ny osy sy ny omby bory aloha dia hatramin'izao dia zavatra fady be mihitsy, fa ny sorohitra aza, misy ny taranantsika mihinana any ihany, nony efa voan'ity kristianina, kristianina ity, tsy mety hifady izy, fa nihinana amin' ny maha-kristianina azy. Ny omby bory aloha dia samy mifady, tsy misy mihinana an'izany mihitsy, sy ny osy.

. Fa ny nahatonga ny tsy nihinanana omby bory sy sorohitra ve mba fantatr'i dadabe, ny niandohany, sa dia hoe : fadin-drazana fotsiny ?

- Toa tantaratara fotsiny, izany hoe nisy olona nentin'ny mamba izany, ka rehefa nisy olona nentin'ny mamba dia, kay izy ic an-tanety no nipetrahany, ka tsy nohanin'ny mamba izy io, fa navelany ho maimbo, ka olona koa. Ka izy io hono nanana antsy kely, antsy fitohy, ka rehefa tonga ny mamba, hono, nanoroka azy eo dia mandry, tsy mihetsika izy, fa mamitsaka ary rehefa lasa ny mamba mandeha dia kitrainy amin'ny antsy fitohy ilay tany ambony.

	Pages
REMERCIEMENTS	2
INTRODUCTION	5
La région étudiée	8
Justifications du choix de la région	10
La méthode	13
Les limites de ce travail	15
BIBLIOGRAPHIE	17
 1. LES TRAVAUX ECRITS	34
Introduction	35
1.1 - L'époque vazimba	37
1.11 - L'ancienneté d'Antananarivo	39
1.12 - La population antankaratra	42
1.121. L'origine des Antankaratra	42
1.122. Les relations avec les peuples de l'Est	44
1.13 - La civilisation de l'Ankaratra	47
1.131. L'écriture et le sikidy	47
1.132. La civilisation du riz	48
1.2. Les migrations des XVIIe et XVIIIe siècles	51
1.21 - L'Onive, région d'arrivée	52
1.211. La migration dite d'Andrianony ...	52
1.212. La dynastie de Vohitrarivo	53
1.22 - L'Onive, région de départ	54
1.3. La colonisation merina du XIXe siècle	58
1.31 - Une région inhabitée avant le XIXe siècle	59
1.32 - Les arrivées du XIXe siècle	60
1.33 - Caractères du Voromahery au XIXe siècle	63
Conclusion	66
 2. L'ENSEIGNEMENT DES TRADITIONS ORALES	67
INTRODUCTION	68